# *Firaisana*

Misaotra anao, Rahalahy Orman. Ny Tompo hitahy anao.

Manao ahoana, ry sakaiza. Mahafinaritra ny tonga eto amin'ny tabernakla indray izao maraina izao. Ary nitsangana tery aoriana fotsiny aho nihaino, rehefa niditra aho, ka nandre an'ilay faminaniana nivoaka tamin'ny endrika fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, niaraka tamin'ny fandikana. Ary nilaza tamin'ny olona aho fa feno koa ity efitra ity, noho izany dia hoy aho hoe, "Tsy fantatro, izaho efa tsy niresaka tamin'io lehilahy io" (Rahalahy Higginbotham izany, raha azoko tsara ilay lehilahy.) "nandritry ny ela be. Efa volana maro mihitsy aza no nandraisako ny tànany." Fa izany marina tokoa no ho resahako, izay nolazainy izao maraina izao, izay ho resahako marina tokoa. Tsy nahafantatra an'izany izy. Tsy nahafantatra an'izany ny tenako raha tsy vao teo mihitsy, izay ho resahako. Ary izany mihitsy ilay izy, izay nolazainy teo mihitsy. Noho izany dia faly isika ny mahafantatra fa tafangona amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy isika, ary eo ambanin'ny Elam-piarovany.

2 Ankehitriny, hitako fa maro no mitsangana, feno ny toerana ary mifanizina, ary tsy tiantsika mihitsy ny mahita an'izany. Ary, vantany vao vitantsika, dia hataontsika hafa ilay izy eto, tabernakla iray goavana kokoa. Ankehitriny, te-hanao tatitra haingana mihitsy aho avy any Phoenix.

3 Tonga teto aho tamin'ny Alahady lasa hariva ary niresaka teo amin'ny lohahevitra hoe ny *Fiombonana* amin'ny . . . talohan'ny fotoan'ny fandraisana. Ny Fiombonana dia tsy fandraisana mofo, ny *miombona* dia midika hoe "miresaka amin'ny, mamaly, miresaka amin'olona."

4 Ary ankehitriny izao maraina izao, raha lasa lava loatra kely aho, nahoana, dia aoka ny olona hiova seza amin'ireo izay mitsangana, ary hankasitrahana izany, avelao hipetraka vetivety kely izy ireo. Izaho—liana ny amin'ity fotoana izay iainantsika ity aho. Izaho dia tena, tena liana betsaka tokoa. Rehefa mahita an'ireo zavatra mitranga aho izay hitako fa miseho, dia misy zavatra ao anatiko izay mihetsiketsika. Ary te-haka ny fotoako fotsiny aho ka hiezaka mba . . .

5 Ny hafatr'izao maraina izao izay ho resahako dia eo amin'ny lohahevitra hoe *Firaisana*. Ary izaho—te-haka ny fotoako aho ary hiezaka ny hanao an'izany fotsiny ho . . . hametraka an'izany tanteraka fotsiny arak'izay fantatro hoe ahoana. Ary maniry ny vavakareo aho raha miangona ianareo.

6 Ary ankehitriny tiako ianareo hamadika, raha manana Baiboly iray ianareo ka te-hamaky miaraka amiko, ao amin'ny toko faha-1-n'ny Hebreo, voalohany. Ary tiako ny hamaky ny

andininy telo voalohany an'ny toko faha-1-n'ny Hebreo, ary avy eo ny Genesisy 1:26 sy 7, mba hamatotra azy miaraka. Ary tsy misy olona afaka milaza na inona na inona izay mendrika holazaina raha tsy Andriamanitra no manampy azy hilaza an'izany. Ary—ary izany foana ny Hafatra izao maraina izao, ihany koa, mikasika ny firaisan'ny olona sy Andriamanitra. Ankehitriny ao amin'ny Hebreo toko faha-1, izao no vakiantsika.

> *Andriamanitra, izay tamin'ny fotoana samihafa... tamin'ny fanao samy hafa dia niteny* fahiny *tamin'ny razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany,*
>
> *Dia amin'*izao *andro farany izao niteny tamintsika tamin'ny* alàlan'*ny... tamin'ny alàlan'ny Zanany, izay* efa *notendreny ho mpandova ny zavatra rehetra, ary tamin'ny alàlany koa no nanaovana an'izao tontolo izao;*
>
> *Izay efa* ao *amin'ny famirapiratan'ny voninahiny, sy ny endriky ny tenany indrindra, ary mihazona ny zavatra rehetra amin'ny tenin'ny heriny, rehefa nanadio samirery ny fahotantsika izy, dia nipetraka teo amin'ny tànana ankavanan'ny Lehibe any amin'ny avo;*

7 Ary ankehitriny ao amin'ny Genesisy, ny—ny toko faha-1 ary ny andininy faha-27, faha-26 sy faha-27, izao no vakiako.

> *Ary Andriamanitra nanao hoe, Ndao isika hanao olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika: ary aoka izy ireo hanjaka amin'ny trondro ao amin'ny ranomasina, sy amin'ireo* voro-manidina *eny amin'ny habakabaka, ary amin'ny biby fiompy, ary eny ambonin'ny tany rehetra, sy amin'ny zavatra mandady rehetra izay mikisaka amin'ny tany.*
>
> *Dia namorona ny olona tahaka ny endriny manokana Andriamanitra, tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy.*

8 Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ankehitriny raha mivavaka. Ary azoko antoka fa misy fangatahana maro ao amin'ny mpihaino amin'izao hahabe izao, noho izany angamba dia hanangana ny tànantsika amin'Andriamanitra fotsiny isika, izay manana fangatahana, ary aoka izy amin'ny alàlan'izao hampahafantatra an'izany hoe manana zavatra izay tiantsika hivavahana isika. Andriamanitra anie hanaiky ho an'ny tsirairay avy aminareo.

9 Tompo, miangona eo ambanin'ny tafon'ity tabernakla ity izahay, ary mankasitraka izahay fa manana ny tafo eo amboninay androany, fa ny fahatongavanay miaraka dia ho antony lehibe kokoa noho izany. Tsapanay fa tamin'ny alàlan'ny teny fikasan'Andriamanitra dia miangona eo ambanin'ny elatry ny Tsitoha izahay. Hoe Izy, tahaka ny nanaronan'ny reniakoho ny zanany, dia hiaro anay amin'ny rehetra izay irianay

Hiarovany anay. Hoe Izy dia hanomba eo amboninay sy hamelona anay ary hanome anay ny mofonay isan'andro androany, ara-batana sy ara-panahy, mba ahafahanay hanana hery manohana an'ny vatana handehanana eto ambonin'ny tany, ary ny hery manohana an'ny Fanahy Masina hitondra ny Tenin'Andriamanitra ho an'ny vahoaka noana iray. Ary hiala eto miaraka amin'Izany eo amin'ny molotray sy ao am-ponay, miaraka amin'ny Diloilon'ny hosotra vaovao izay ahafahanay hiteny amin'ireo hafa ny andro izay iainanay, sy ny toetry ny fotoana. Andriamanitra, matoky Anao tanteraka izahay. Tsy misy toerana hafa izay azon'ny olona haleha intsony. Mahatsapa tahaka ny tsapan'i Petera izahay, tamin'ilay andro izay nilazan'i Jesosy hoe, "Handeha koa ve ianareo?"

10 Hoy izy hoe, "Tompo, ho aiza izahay? Ianao irery no manana ny Tenin'ny Fiainana Mandrakizay." Ary izany no antony iangonanay amin'Ny Anaranao izao maraina izao, satria Ianao irery no manana ny Tenin'ny Fiainana Mandrakizay. Ary mivavaka izahay mba Hanaovanao an'izany ho tena misy amin'ny tsirairay avy aminay androany mba hirehitra ao anatinay ny fonay. Hohatanjahina ny ainay, ho sitrana ny vatanay, ho sitrana ny fanahinay, hohavaozina ny ainay, noforonina araka ny modely izay tian'Andriamanitra hanaovana anay.

11 Ray, mivavaka aho mba Hanomezanao hery an'ireo izay mitsangana ao amin'ny efitra sy manerana ny rindrina, ary ao amin'ny efi-trano manodidina. Mivavaka aho mba Hanomezanao hery azy ireo. Ary, mahafantatra fa handeha eo amin'ny horonam-peo ity, izay handeha any amin'ny firenena maro samihafa, any amin'ireo tany sy ny fokon'ny tany. Ary, Andriamanitra, matoky Anao tanteraka izahay. Omeo hery fotsiny izahay sy ny—ny Teny ary ny hosotra, mba ahafahan'izany ho arak'izay Hilànao azy amin'ity ora ity. Mametraka ny tenanay Aminao izahay ankehitriny, ny fihainoanay, ny feonay, ny fifantohanay, izay rehetra maha-izy anay, apetrakay Aminao, mba Hihetsehanao ao anatinay. Miasà amin'ny alàlanay ary asehoy aminay Ny Fanatrehanao lehibe miaraka aminay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy, Ny Zanakao izahay. Amena.

12 Ny teny hoe *firaisana* dia midika hoe "mba ho iray amin'ny." *Firaisana*, "miray." Ary, ankehitriny, tena lohahevitra iray ity, ary izany—mendrika fifantohana bebe kokoa noho izay azoko omena azy izany, ary mihoatra noho izay azon'ny ankamaroan'ny olona eto an-tany omena. Fa tiako ny haneho aminareo ny hevitro ny amin'izany, ary, miaraka amin'izay homen'Andriamanitra antsika. Ankehitriny, amin'ity, mampianatra foto-pampianarana izany. Ary ho an'ireo rahalahy izay mety mandre an'ity horonam-peo ity, dia manantena aho fa tsy ho fanafintohinana iray izany, fa izany dia ny

hahatonga anareo handray an'ity tena am-piheverena, eo ambanin'ny fiheverana, raha ny marina. Mba handinihanareo azy am-bavaka, am-pitandremana, sy mandanja azy amin'ny mizànan'ny Tenin'Andriamanitra, mba hahitana raha avy amin'Andriamanitra Izany na tsia.

13 Satria mino aho fa tahaka an'izany no tokony hataontsika isan'andro, mandanja an'ireo zavatra amin'ny Teny, satria ny Teny no Zavatra tokana izay afaka hitoetra. Hoy Jesosy hoe, "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho levona." Izany no antony inoako Azy, ary mino Azy ho fandaharan'Andriamanitra. Mino aho fa Izany no asa vita an'Andriamanitra voasoratra ao amin'ny Teny. Noho izany, raha misy zavatra mifanohitra amin'ity Teny ity, dia tsy mety ho Andriamanitra izany na drafitr'Andriamanitra. Mino aho fa Izany ilay fandaharana. Ankehitriny, ny Fanahin'Andriamanitra ao amin'ny Teny no mahatonga ny Teny ho velona amin'ny Tenany, manetsika ny Tenany. Izany no mitondra ny Teny ho amin'ny fiainana, tahaka ny voa iray.

14 Ankehitriny, ny lehilahy voalohany sy vehivavy voalohany tao amin'ny sahan'i Edena dia tao anatin'ny firindrana tanteraka tamin'Andriamanitra, hany ka afaka nidina tamin'izay fotoana rehetra Niriany Andriamanitra ary niresaka molotra mankany amin'ny sofina tamin'i Adama sy Eva. Ankehitriny, izany no firaisana tanteraka, Andriamanitra sy ny Famoronany, Andriamanitra miresaka amin'ny molotra mankany amin'ny sofina amin'i Adama sy Eva. Ary tao anatin'ny firindrana tanteraka tamin'Andriamanitra izy ireo hany ka lasa iray tamin'Andriamanitra izy ireo. Andriamanitra sy ny Fianakaviany dia iray.

15 Ny lehilahy rehetra sy ny fianakaviany, fianakaviana marina, tsara, mendri-kaja, mankatò dia samy iray, ny fianakaviana rehetra. Ary raha misy zavatra ao amin'ny fianakaviana mampisaraka azy ireo, amin'izay fotoana izay dia tsy tsara izany, rava ilay fianakaviana any ho any. Tokony ho iray izy rehetra, ray amin'ny reny, reny amin'ny ray, zanaka amin'ny raiamandreny, raiamandreny amin'ny zanaka, ny rehetra mifanaraka. Ary, rehefa mahita an'izany ianareo, dia hahita sary anankiray maha-te-ho tia.

16 Izany no tanjon'Andriamanitra. Ary ny Tanjony amin'ny maha-Ray, faratampony, dia ny ho iray tamin'ny Fianakaviany, ny fianakaviana teto an-tany, Adama sy i Eva. Ary ny fomba tokana nahafahan'izy ireo ho iray tamin'ny fianakaviana, na tamin'Andriamanitra, dia satria tao anatin'izy ireo ny natioran'Andriamanitra. Koa izany no nanao azy ireo niaraka tamin'ny natioran'Andriamanitra tao anatin'izy ireo, avy eo ny tsirairay sy Andriamanitra, dia lasa iray izy rehetra. Tsy sary iray mahafinaritra ve izany, Andriamanitra ao amin'ny Fianakaviany, Ray ambonin'ny zavatra rehetra, faratampony!

Tsy misy fahafatesana, tsy misy alahelo, tsy misy aretim-po, tsy misy inona na inona; fifaliana tsy hay lazaina fotsiny; tsy marary mihitsy, tsy manana aretim-po mihitsy, iray amin'Andriamanitra fotsiny! Sary iray toy ny inona! Satria, ilay tena toetran'Andriamanitra mihitsy no tao amin'ireo olona ireo. Ary noho izany, ny nataon'izy ireo, dia nanaraka nahitsy niaraka tamin'Andriamanitra fotsiny izy ireo, ary Andriamanitra niaraka tamin'izy ireo no nanao azy ireo ho iray.

17 Ankehitriny, Jesosy dia nivavaka, ao amin'ny Jaona, ny toko faha-17 ary ny andininy faha-11, ho anareo izay mandray naoty an'ireto lahatenin'ny sekoly Alahady ireto. Manana maro amin'izy ireo aho izao maraina izao. Jaona 17:11, nivavaka Jesosy mba ho iray Izy sy ilay Fiangonana tahaka Azy sy ny Ray izay Iray. Mba ilay Fiangonana, isika amin'ny maha-mambran'ny Vatan'i Kristy, ho iray, miaraka, tahaka Azy sy ny Ray izay Iray mihitsy. Ary amin'izany andro izany dia ho fantatsika fa Izy tao amin'ny Ray. . . Ray ao Aminy, ary Izy ao amintsika, mba ho iray isika miaraka. Ho firaisana iray, firaisana iray toy ny inona izany, ny mahita an'Andriamanitra ao amin'Ny Fiangonany hany ka ao anatin'ny firindrana tanteraka mihitsy amin'ny tsirairay avy sy amin'Andriamanitra ny mambra rehetra. Ho an'izany Fiangonana izany no ahatongavan'i Jesosy. Amin'izany no hivaly ny Fivavany, hoe mba ho iray isika.

18 Ary izany no fototra tokan'ny fiombonana izay hany napetrak'Andriamanitra ho an'ny Tenany sy Ny Fiangonany, dia ny firaisan'ny Tenany amin'ny olona. Izay ihany no fototra tokan'ny fiombonana. Ary ny fomba tokana ahafahanareo manana an'ireo fototra ireo dia amin'ny alàlan'ny firaisana iray, mba hiray Aminy mandrakizay. Tahaka anareo rehefa miray amin'ny vadinareo fotsiny, ilay vehivavy miray amin'ny vadiny, dia voady iray hatramin'ny fahafatesana. Ankehitriny, noho izany rehefa miray amin'Andriamanitra ianareo, dia izany ilay zavatra iray ihany izay niraisan'ny fiangonana tamin'i Kristy, izany dia mandra-pahatongan'ny fahafatesana hampisaraka antsika. Ary avy eo raha tsy manota na manao zavatra ratsy mihitsy ianareo, dia hiray Mandrakizay amin'Andriamanitra ianareo. Ary ny fahafatesana irery ihany no afaka hanaisotra anareo amin'Andriamanitra, ary tsy ny fahafatesana ara-batana, fa ny fahotan'ny fahafatesana. Ny fahotana dia fahafatesana, ary izany no manaisotra anareo amin'Andriamanitra. Noho izany, ny iray Aminy ao amin'ny Fanahin'ny Heriny, dia Fiainana Mandrakizay, miray Mandrakizay amin'Andriamanitra ianareo. Oh, te-ho tonga eo amin'izany aho afaka kelikely. Miray Mandrakizay amin'ilay Andriamanitra Mandrakizay, ao amin'ny firindrana tanteraka miaraka Aminy, miray miaraka tanteraka, Fiangonana iray izay ny rehetra, Andriamanitra sy Ny Fiangonany, dia iray, miray miaraka.

19 Ary raha hahamarika ianareo hoe ahoana fa niray tamin'i Adama i Eva, dia lasa ampahany izy. Andriamanitra, efa voamarikareo ve ao amin'ny Genesisy 1:27 hoe, namorona ny olona lahy sy vavy Izy, izany no Namoronany azy ireo. Ankehitriny, ilay lehilahy dia ny. . . sady lahy no vavy rehefa tonga tao amin'ny hoe lasa tao amin'ny fanahy vavy sy lahy ilay izy. Avy eo dia nesorin'Andriamanitra teo amin'ny lanivohony ny—ny taolan-tehezana iray. Efa voamarikareo ve fa ilay ampahany vatana no vokatra notsoahina iray, fa tsy ilay fanahy? Ary ny ampahan'ny vatan'ny vehivavy dia vokatra notsoahina iray, rehefa vita ny famoronana, naka taolan-tehezana iray avy teo amin'ny lanivohon'i Adama Andriamanitra ka nanao vehivavy iray. Fa tsy ilay fanahy, fa ilay fanahy no ampahan'i Adama, satria sady lehilahy izy no vehivavy, veh-. . . fiteny ara-panahy, sady lahy no vavy.

20 Ankehitriny, tsy hitanareo ve ilay sary lehibe? Isika, ao amin'ny nofo, dia samihafa. Isika dia tahaka ny vokatra notsoahina iray, vatana iray noforonina, tamin'ny alàlan'ny fanambadiana masina. Fa ao amin'ny Fanahy dia zanakalahy sy zanakavavy isika, tsy fanahy hafa iray, fa Fanahin'Andriamanitra velona. Mitovy amin'ny Tarehiny isika, ao amin'ny Firaisany, araka ny endrika tanteraka an'ilay Andriamanitra velona, satria lasa zanakalahy sy zanakavavy isika. Tsy nisaraka, fa ilay Fanahy iray ihany, ilay Andriamanitra iray ihany, ilay Olona iray ihany, nikambana tao amin'ny fanambadiana tamin'ilay Mandrakizay. Hitanareo ve hoe ahoana no nanomanan'Andriamanitra an'izany mba tsy tokony ho hafa isika, fa Izy! Tsy olona hafa avy amin'ny foko hafa, fa tena firaisana sy solofon'ilay Tsitoha, natao tamin'ny alàlan'ny firaisana masina iray. Ankehitriny, ny vatana dia avy amin'ny reny sy ray, fa ny Fanahy kosa dia avy amin'Andriamanitra, Andriamanitra manasaraka ny Tenany tahaka ny nanasarahana an'i Adama.

21 Tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia hitantsika ny Fanahy Masina, ilay Andry Afo, nanasaraka ny Tenany ka nipetraka teo ambonin'ny mambra tsirairay an'io Fiangonana io, Andriamanitra manambatra ny Tenany! Avy eo miaraka amin'io vondron'olona io miaraka, dia inona no ataon'izany? Mamerina an'ilay Vatan'ny Tompo Jesosy mikambana. Tonga miaraka!

22 Ary amin'izao andro izao ao amin'ity fisarahana lehibe izay iainantsika ity, ireo fahasamihafana ara-anaram-piangonana sy ny sisa, mampalahelo toy ny inona, fahafaham-baraka toy ny inona!

23 Nikambana tao amin'ny fanambadiana avy any Andanitra tamin'ilay Andriamanitra Mandrakizay, Ampahany, ampahan'Andriamanitra. Tao amin'ny nofo aho dia lasa Branham nohon'ny raiko, Branham. Lasa ampahan'ny

rainareo sy ny reninareo ianareo, fa ao amin'ny fanahy dia lasa firaisana iray miaraka amin'Andriamanitra isika, dia ampahan'Andriamanitra. Izany no antony tsy ahafahan'ny fanahy ho faty. "Izay mino Ahy no manana Fiainana mandrakizay. Ary ao amin'ilay sary misy azy eto an-tany, ary araka ny tarehiny, dia hanangana azy Aho amin'ny andro farany." Tsy olona fanahy iray, fa hanana vatana iray tahaka ny vatan'Andriamanitra be voninahitra isika, ilay vatana be voninahitra an'ny Tompo Jesosy, nitsangana tao amin'Io Endrika io.

24 Hoy Jesosy, nankany amin'ny fasan'i Lazarosy hoe, "Izaho no fananganana sy Fiainana. Izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty intsony. Minoa *ao* Amiko, tsy *eo* Amiko, fa *ao* Amiko." Dia *ao* Aminy, mino! "Raha mitoetra ao Amiko ianareo ka Ny Teniko ao anatinareo." Ao Aminy, mino! Oh, oadray! Manantena aho fa ny Fanahy Masina no mandentika an'izany mihitsy ao anatinareo. Ankehitriny, ianareo no ondry vitsy, izany no antony nandritry ny herinandro, nivavaka sy nangataka tamin'Andriamanitra, nifidianako an'ity lahateny ity, mba hanehoana aminareo hoe aiza isika no mitsangana. Mino Azy. Tsy afaka mino Azy ianareo raha tsy miditra ao Aminy, na, Izy no miditra ao aminareo, amin'izay fotoana izay ianareo vao mino Azy, amin'izay fotoana izay ianareo vao manana Fiainana Mandrakizay. Mino *eo* Aminy ianareo mandra-pahazoanareo Fiainana Mandrakizay, noho izany ny Fiainana Mandrakizay dia ny Fiainan'Andriamanitra ao anatinareo, amin'izay fotoana izay ianareo vao mino *ao* Aminy.

25 "Ianareo ato Amiko, Izaho ao aminareo. Mba ho iray izy ireo, Ray, dia tahaka ny maha-Iray Ahy sy Ianao." Andriamanitra ao amin'i Kristy, Kristy ao amin'ilay Fiangonana. Hitanareo? "Tahaka ny maha-Iray Antsika, dia ho iray toy izany koa izy ireo." Noho izany dia ahoana no hahatonga anareo ho iray? "Raha mitoetra ao Amiko ianareo, Ny Teniko ao aminareo." Hitanareo, mitoetra! "Ny Teniko ao aminareo, amin'izay fotoana izay dia angataho izay tianareo." Satria tsy ianareo intsony izany, izany dia ny Teny izay ao anatinareo, ary ny Teny dia Andriamanitra.

26 Ankehitriny, ny Tenin'Andriamanitra dia Sabatra iray. Hebreo, ny toko faha-4, no miteny an'izany, Hebreo 4:12. Ankehitriny, Sabatra iray izany. Ary matory tanteraka ny sabatra iray raha tsy ampiasain'ny tànana iray na hery iray. Ary izany . . . fa mila tànana iray mihazona ny Sabatra. Ary raiso ny tànana izay mihazona an'ity Sabatra ity, dia ny tànan'ny finoana.

27 Ankehitriny, io tànan'ny finoana io, izany dia miankina amin'ny hoe matanjaka toy ny ahoana izy. Io tànan'ny finoana io dia mety ho matanjaka fotsiny ampy handidy lavaka kely

iray ao anatin'ny aizina ka hanao hoe, "Tamin'ny finoana no namonjena ahy." Fandidiana lehibe iray izany, saingy, amin'izay fotoana izay, raha izany ihany no matanjaka kokoa hampiasan'io tànana io an'io Sabatra io, dia izay ihany no azony didina. Fa, raha tànana matanjaka iray izany, dia handidy ny zavatra rehetra izay azon'ny devoly avoaka eo, hanao ny teny fikasan'Andriamanitra tsirairay hamiratra amin'ny herin'ny Fitsanganany. Raha tànan'ny finoana matanjaka iray izany, "Ireo andron'ny fahagagana! Jesosy Kristy, tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," no hitady ny làlany. Miankina amin'ny herin'ny tànana ao ambadik'ilay Sabatra izany.

28 Ary ilay Sabatra dia tena maranitra. Hebreo 4, manao hoe, "Izany dia maranitra noho ny sabatra roa lela izay mandidy sady mandroso no miverina, ary mandeha mihitsy aza mankany amin'ny—ny tsokan'ny taolana, sy ireo tonony, ary mpamantatra ny eritreritry ny fo." Mandeha any ankoatry ny ara-batana, miditra amin'ny tontolo ara-panahy izany ary maka ny eritreritry ny fo ka manambara azy ireo. Ny Fanahin'Andriamanitra, ny Tenin'Andriamanitra.

29 Ankehitriny, ity Teny ity dia handidy ao anatiny ao raha misy sandry ampy aorian'Izany hanosika Azy, hahita ny Toerany izy ary handidy ny teny fikasana tsirairay hivoaka ka hanome an'Izany ho anareo, raha manana an'ilay sandry matanjaka tsara fotsiny ianareo aorian'Izany. Ny Sabatra, raiso Izany amin'ny sandry—sandrin'ny finoana! Fikiro mafy Izany, hazòny Izany ary mandehana eo anatrehan'ilay fahavalo. Ahoana no ahafahan'io fahavalo tsy mifora io hitsangana eo amin'ny Fanatrehan'ilay Andriamanitra Mandrakizay? Noho izany, raiso ny Sabatry ny Teny, dia anareo ny teny fikasana tsirairay. Raiso amin'ny tànana matanjaky ny finoana Izany, mandrosoa! Raha mila fanasitranana ianareo, didio amin'ny Teny izany hoe, "Jesosy Kristy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Raha mila famonjena ianareo, dia anareo ny teny fikasana tsirairay ao amin'ny Baiboly. Mipetraka ato anatiny ato izany fa i Satana no miezaka manafina an'izany, fa raiso ny Sabatra ka atoseho ilay aizina mandra-pamiratry ny Hazavan'Andriamanitra eo amin'ny fanahinareo sy hahazoanareo an'ilay teny fikasana. Hataony izany.

30 Adama dia ampahan'ny, na, Eva dia ampahan'i Adama, nofon'ny nofony sy taolan'ny taolany izy. Ary izany no firaisana marina. Ary izany no firaisana marin'ilay Fiangonana dia, Fanahin'Ny Fanahiny, Tenin'Ny Teniny. Tsy mihodina miala amin'ny Teny mihitsy, ny tena mpino marina dia tsy hanao marimaritra iraisana eo amin'ny Teny iray. Tsarovy, Teny anankiray fotsiny no nanaovan'i Eva marimaritra iraisana, Teny anankiray. Fa ny mpino marina dia tsy hanao marimaritra iraisana amin'ny Teny iray. Hihazona ny Sabatry ny Finoana izy miaraka . . . amin'ny finoana, raha ny marina, ny Sabatry ny

Teny, ary mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra tsirairay izay nataon'Andriamanitra. Izay ilay izy.

31 Ohatr'Andriamanitra ho antsika izy ireo, izay tokony hahaizy antsika, izy ireo, manatrika mandrakariva, tsy ho diso mihitsy. Rehefa niteny izy ireo, dia namaly Andriamanitra. Niambina azy ireo Izy, isan'andro. Ny alina, rehefa nandry mba hatory izy ireo, dia niambina azy ireo Izy. Tamin'ny atoandro, dia nitari-dàlana azy ireo Izy, namahana azy ireo, tia azy ireo, niombona tamin'izy ireo tsy ankitsahatra, tamin'ny fotoana rehetra. Araka ny endrik'Andriamanitra izy ireo, ary tao amin'izy ireo Andriamanitra. Izany no manao fiombonana iray. Izany no manao ny firaisana, dia Andriamanitra ao amin'Ny Fiangonany. Izany no firaisana. Betsaka no azo lazaina, manana toerana maro handehanana. Miray Aminy, dia Fiainana Mandrakizay. Ary ny fomba tokana ahafahantsika miray Aminy dia ny ho lasa kely tsirairay amin'Ny Teniny. Marina izany, raiso ny teny fikasana tsirairay dia inoy Izany.

32 Ankehitriny, niray i Eva mandra-panimbany Teny anankiray, na, nisalasala tamin'ny Teny anankiray ho marina. Izany no nampisaraka azy. Ny Teny rehetra, "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra!" Noho izany dia afaka ho ao amin'Andriamanitra isika, miray, satria i Adama sy i Eva, talohan'ny fahalavoana, talohan'ny tsy finoana ny Teny, dia ohatra iray ny amin'izay hahafahantsika ho ao Aminy. Ny miray Aminy, dia Fiainana; ny tafasaraka Aminy, dia fahafatesana. Ankehitriny, raha manaraka ny Didiny isika!

33 Fantatsika fa manao fahadisoana isika, saingy tsy tokony hijery an'izany ianareo. Tsy fahadisoanareo izany, satria hanana azy ireny foana ianareo. Fa, hitanareo, ilay izy dia manaraka ny Fitsipiny, manaraka an'izay Nolazainy hatao. Ny fahatafintohinana sy ny fahalavoana dia tsy misy idirany amin'izany. Ny tena mpanompo marina iray, raha tafintohina izy, dia hitsangana indray. Raha mivembena izy, dia sintonin'Andriamanitra hiverina avy hatrany eo amin'ny làlana, raha mbola eo amin'ny làlan'andraikitra foana izy. Fa raha miala amin'ny làlan'andraikitra izy, dia tsy adidin'Andriamanitra izy. Fa raha mbola eo amin'ny làlan'andraikitra foana izy, dia adidin'Andriamanitra izy, mahafantatra fa lehilahy iray fotsiny izy na vehivavy iray. Manana adidy amin'io olona io Izy raha mbola eo amin'ny làlan'andraikitra foana izy ireo.

34 Ankehitriny, ilay Fiangonana ankehitriny dia voafofon'i Kristy ho an'ny fampakaram-bady. Mbola tsy vita ny fampakaram-bady, fa ho amin'ny Sakafo harivan'ny Fampakaram-badin'ny Zanak'ondry izany. Noho izany, dia hitantsika fa voafofo ilay Fiangonana ankehitriny, tahaka ny lehilahy iray voafofo amin'ny vadiny. Inona no ataony rehefa voafofo izy ireo? Manome ny karazan-javatra rehetra fotsiny izy, mandefa fanomezana ho azy, manao azy hahatsapa

ho tsara. Eny, izany no ataon'i Kristy amin'Ny Fiangonany. Mandefa an'ireo fanomezan'ny Fanahy ho antsika Izy. Ahoana no ahafahanareo ho voafofo arak'izany nefa mandà ianareo fa misy ireo fanomezana ireo? Izany no tena famantarampitiavana. Famantaran'Andriamanitra ho an'ilay Fiangonana izany. Jesosy no niteny an'izany hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino."

35 Ankehitriny, hazòny ao an-tsaina ireo zavatra ireo. Ny Fiangonana dia tsy maintsy mino ny Teny tsirairay, ny teny fikasana tsirairay, ny tendron-tsoratra tsirairay, ary mitaky an'Izany ho an'ny tenany, ary mampihatra ny tenany ao anatin'Izany. Raha voafofo ho an'ny zazavavy iray aho, ary lehilahy mpitovo iray aho, ary nandefa zavatra ho azy, peratra iray an'ny famofoana, ka tsy nanaovany izany, amin'izay fotoana izay dia izany no maneho fa tsy mino ahy izy. Izy—izy—tsy te-ho ampakariko izy. Ary raha mandefa an'ireo fanomezana izay Nampanantenainy ho an'ny Fiangonany Kristy, ka mandà an'izany izy ireo ary manao hoe "tsy tahaka an'izany izy ireo," dia tsy te-ho Ampakarin'i Kristy izy ireo. Voafofon'ny mpitia hafa iray izy ireo, fa tsy amin'i Kristy, ilay Mpampakatra. Noho izany ny tena Fiangonana dia mihazona ny teny fikasana, ary mihazona ny rehetra, ka manaiky an'ireo fanomezana izay alefan'Andriamanitra ho azy ireo. Eny àry.

36 Ankehitriny, ireo olombelona voalohany dia nanala ny tenany tamin'ny fiombonana tamin'ny finoana an'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny tsy finoana Ny Teniny ka nihaino ny laingan'ny devoly. Ankehitriny, izany no zavatra voalohany nanala ny fiombonana tamin'io firaisana mahafinaritra io. Jereo ankehitriny, Adama sy Eva tao amin'ny toerana iray tsy ho faty mihitsy, tao amin'ny toerana iray tsy ho antitra mihitsy, tsy harary mihitsy, tsy hanana fanahiana mihitsy.

37 Hoy ianareo hoe, "Azo antoka fa maniry aho ny ho afaka tahaka an'izany." Mamelà ahy . . . Manana vaovao ho anareo aho, ao amin'ilay toerana iray ihany ianareo. Andriamanitra dia mametraka an'izany ho an'ny zava-boahary rehetra eto an-tany, ao amin'ilay toerana iray ihany.

38 Inona ilay fifanarahana? "Raha hitandrina Ny Teniko ianareo! Raha, Ny Teniko, raha hitandrina an'Izany ianareo, hino an'Izany ary hihetsika eo amin'Izany!" Fa tamin'ny fotoana voalohany izay tsy ninoan'i Eva, nanesorany Teny anankiray tamin'izay nolazain'Andriamanitra, dia izany no nanapaka ny fiombonana tamin'io firaisana lehibe io. Ary ny minitra izay tsy inoan'ny fiangonana ny Tenin'ny Baibolin'Andriamanitra anankiray, ka apetrany any an-kafa any ho any Izany, amin'izay fotoana izay no anapahan'izy ireo an'io fiombonana mahafinaritra izay natolotra azy ireo io, ary sarahina. Vantany vao nanao an'izany izy, dia nipetraka tao anatin'ny vatany

mety maty ny fahafatesana. Tsy ny azy mety maty fotsiny ihany, fa ny vatany ara-panahy. Nanapaka ny fifandraisany tamin'Andriamanitra izy, tamin'ilay minitra izay tsy ninoany. Ary tsy misy olona afaka mino . . . Ity ilay izy! Tsy misy lehilahy, tsy misy vehivavy afaka—afaka mino ny laingan'ny devoly raha tsy efa tsy nino ny Fahamarinan'Andriamanitra izy ireo. Tsy misy olona afaka mino ny laingan'ny devoly raha tsy efa tsy mino ny Fahamarinan'Andriamanitra izy ireo. Noho izany, hitanareo, Eva, Adama, aiza no ametrahan'izany antsika izao maraina izao?

39 Ankehitriny dia ndao isika handinika tsara, satria tsy afaka hieritreritra intsony isika aorian'izao, rehefa tapitra ity fiainana mety maty ity. Ny fisainanareo dia ankehitriny. Tsy afaka misafidy ianareo aorian'ity, tsy maintsy misafidy ianareo ankehitriny, satria izao no andro hisafidianana, hanaovana ny safidinareo. Ankehitriny izy, Teny anankiray, tsy Didy folo iray manontolo, Teny anankiray fotsiny, nisalasala an'Andriamanitra izy satria naseho taminy tao amin'io hazavana io ilay izy, hoe azo iadian-kevitra io Teny io. Tsy azo iadian-kevitra ny Tenin'Andriamanitra, izay Nolazainy fotsiny no Tiany nolazaina. Saingy nisalasala an'Izany izy satria natolotra azy izany hoe, "Oh, azo antoka tokoa fa tsy izany no tian'Andriamanitra nolazaina." Fa izany no Tiany nolazaina! Ny Teny tsirairay izay Lazainy no tian'Andriamanitra lazaina. Ary tsy mila fandikana manokana Izany, arak'izay Nilazany Azy fotsiny Izy.

40 Eny, hoy ianareo hoe, "Ahoana no ahafantaranao ny Baiboly." Mino aho fa ny Andriamanitro no nitari-dàlana an'ity Baiboly ity, Izy no miambina Ny Teniny. Fantany fa hitsangana ireo ateista sy tsy mahatoky amin'ny andro farany, noho izany dia miambina an'Izany Izy. Izany marina tokoa no fomba tian'Andriamanitra nilazana Azy. Tahaka an'izany Izy ho antsika ankehitriny. Ankehitriny dia tsy maintsy mino an'Izany isika. Teny anankiray esorina amin'Izany, dia verintsika ny fiombonantsika, miditra mankao—amin'ny fahafatesana, fisarahana Mandrakizay amin'Andriamanitra, tahaka ny nataon'i Adama sy Eva mihitsy. Tsy maintsy mino ny Fahamarinan'Andriamanitra isika.

41 Mamelà ahy haka an'izany indray. Aza tsy mino ny Tenin'ny Baibolin'Andriamanitra. Saingy aza manao fotsiny hoe, "Eny, mino an'Izany aho." Manao hoe "saingy" ve? Tsia, tsy misy na inona na inona mikasika an'izany. Raha mino an'Izany ianareo, dia hanaiky an'Izany. Raha apetrakareo eny amin'ny ilany Izany, manao hoe, "Eny, tsy tahaka an'izany no inoan'ny fiangonako Azy," amin'izay fotoana izay dia tena tsy mino ianareo fa Tenin'Andriamanitra Izany, ary handeha eo ambanin'ilay fanamelohana iray ihany izay nandehanan'i Eva ianareo. Nanasaraka ny tenanareo tamin'ilay Mandrakizay ianareo nefa nanana anjara ho tafaray Aminy. Ankehitriny, tsarovy, tsy azo iadian-kevitra Izany, satria Teny anankiray

Izany, izay, ao amin'ny Tenin'Andriamanitra.

42 Ary, ankehitriny, raha nanana fotsiny Andriamanitra ny— Teny vitsivitsy teo izay tsy maintsy ankatoavin'ny olona, ka ny anankiray tamin'ireo Teny vitsivitsy ireo izay diso faneho, no niteraka fahafatesana, dia jereo ireo Teny ananantsika amin'izao andro izao! Hitanareo? Tsy maintsy mandray ny tsirairay amin'izy ireo isika, mifikitra amin'izy ireo ary miditra ao amin'izy ireo amin'ny maha-teny fikasana avy amin'Andriamanitra. Ary vadin'Andriamanitra marina iray dia hanao an'izany, anankiray tena fofombady voafofo. Ankehitriny, manantena aho fa hidina lalina ireo zavatra kely ireo ankehitriny mba ahafahantsika mahazo azy ireo.

43 Inona no zavatra voalohany nahatonga an'i Eva tsy hino ny Tenin'Andriamanitra? Satria nampanantena fahendrena betsaka kokoa ho azy i Satana hoe, "Ho hendry ianao." Ankehitriny, hitanareo, ny taranak'olombelona dia mikaroka zavatra iray foana. Ary i Eva dia nikaroka fahendrena betsaka kokoa.

44 Ndao isika hijanona iray minitra fotsiny ankehitriny. Tsy izany ve no toeran'izao tontolo izao amin'izao andro izao? Mila fahendrena betsaka kokoa izy ireo, kilasy tsaratsara kokoa, fianarana ambony kokoa, mila zavatra izay hafa, fahendrena betsaka kokoa. Izany no nilain'i Eva. Fa mamelà ahy hilaza an'ity koa, hoe tsy misy fahendrena afaka hihoatra ny an'Andriamanitra, kanefa ao anatin'ny endrika tena manetry tena Izany ka diso an'Izany ny olona.

45 Satana, araka ny efa nolazaiko imbetsaka, dia mamiratra, fa ny Filazantsara dia manjelatra. Oh, tena misy fahasamihafana iray eo amin'ny mamiratra sy manjelatra. Mamiratra i Hollywood, fa ilay Fiangonana kosa dia manjelatra amin'ny hery sy ny fitiavan'Andriamanitra. Mamiratra i Hollywood. Tena fahasamihafana iray eo amin'ny manjelatra sy mamiratra. Tsy te-hamiratra isika. Te-hanjelatra isika.

46 Amin'izao andro izao, dia mampalahelo loatra ny mieritreritra an'izany, fa ny fiangonana dia miezaka miantehitra amin'ny fahalalany manokana, tahaka ny nataon'i Eva mihitsy. Nieritreritra izy, satria natolotra azy izany, hoe toa tena nisy ilay izy. Oh, aza diso amin'ny fahazoana an'ity. Toa tena nisy tokoa ilay izy, zavatra izay azo nanampiana tamin'izay nolazain'Andriamanitra. Toy ny hoe nanana zavatra izay tsy notenenin'Andriamanitra taminy fotsiny izy hoe hatraiza ny azony handehanana. Andriamanitra dia tsy nanome azy ny sisin-tany tahaka ny Nametrahany ny ranomasina ka tsy afaka hihoatra izany satria ny volana no miambina azy. Nihevitra izy . . . Nihevitra izy fa manana zavatra teo amin'ilay baolina i Satana, araka ny lazaintsika, hoe mbola afaka ho ao amin'ny firaisana amin'Andriamanitra foana izy, kanefa ho manantsaina kokoa, hanana fianarana tsaratsara kokoa izy. Fa

Andriamanitra dia nitsinjara taminy marina tokoa an'izay nilainy.

47 Ary Izy dia nitsinjara ho an'ny fiangonana an'ilay zavatra iray ihany. Tsy fanodinan'ny seminera iray izany, na miditra na mivadika avy amin'ny—sekoly Biblika iray. Fa Izany marina tokoa no voasoratra, ary HOY NY TOMPO HOE! Tsy azo ovaina Izany! Fa ireo fiangonana dia miankina amin'ny fahalalany manokana. Izy ireo—mihevitra angamba izy ireo fa izany dia ny . . . misy zavatra miraikitra amin'izy ireo, ary mamitaka izany.

48 Tsy maintsy miandry iray minitra aho eto. Mifototra eo amin'izany izao tontolo rehetra izao. Ny toe-karena manontolo an'ity firenena ity dia mifototra eo amin'ny fiheveran-diso. Hiteny vazivazy kely aminareo mikasika ny tenako aho, tsy vazivazy iray izany; fa fantatrareo fa isika rehetra dia tia ny vadintsika, na, tokony ho tia isika. Ary nijery fandaharana iray aho teto fotoana vitsy lasa izay tany Andrefana, efa ela be, teo amin'ny telo taona teo. Ary nifoha aho indray maraina tao amin'ny efitro, ary nisy televiziona iray nipetraka tao amin'ilay efitra. Dia nieritreritra aho hoe, "Toy ny hoe ratsy ny andro." Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, tokony hanome ny vaovao izy ireo amin'ny valo ora." Ary nalaiko ilay boky torolalana kely, nilaza izy fa ny vaovao dia amin'ny ora anankiray.

49 Nalefako ny vaovao, ary rehefa nihaino ny vaovao aho, tamin'izay fotoana izay dia voamariko fa notapahan'izy ireo ny teo afovoan'ilay fampitam-baovao mba hanaovana dokambarotra karazana entana sasantsasany, karazana vovon-tsavony. Ary nanao hoe, "Tsy mila manasa ny vilianao intsony ianao, ramatoa. Ny zavatra tokana ataonao dia ny mametraka azy avy hatrany ao anaty rano ary mamela azy hipetraka eo mandritry ny minitra vitsy, mampakatra azy avy hatrany ary mametraka azy eo amin'ny fantsona fikorinana, dia tapitra ny rehetra."

50 Nieritreritra aho hoe, "Ho lasa mahery fo iray aho rehefa tonga any an-trano." Noraisiko naoty ny anaran'ilay izy, io karazan-javatra anankiray io. Hoy aho hoe, "Hiteny amin'ny vadiko aho hoe, 'Jereo izay mety vitako!'"

51 Noho izany dia nandeha aho ary nividy tavoahangy iray an'io karazana *izao-sy-izao* io, ary nararako tao anaty rano izy rehetra. Niteny taminy aho mba hanohy hamafa ny trano, fa izaho no hanao an'ilay izy ho azy. Noho izany dia noraisiko ny vilian'ireo ankizy ary noraofiko ireo sombintsombiny, sy ny sisa, fa ny atody niraikitra teo aminy, dia narotsako tao anaty rano izany ka navelako nipetraka mandritra ny minitra vitsy, ary navoakako izy ireo ka napetrako teo. Nisy atody betsaka mihitsy teo amin'izy ireo tahaka azy ireo tamin'ny nametrahako azy tao. Hitanareo, izaho—veriko . . . Ho nahavery ny fahatokiana ahy ny vadiko tamin'io fotoana io.

52 Hitanareo, nahoana ny firenena, nahoana ireo . . . ity firenena ity no mamela ny vahoaka ho voafitaka? Tsy tokony havela holazaina toy izany io. Tokony ho manohitra ny lalàna izany. Mikasika ny dokam-barotra moderina an'ny sigara, fahafahambaraka toy ny inona, "Tsy misy kohaka iray ao anaty fiara feno," ny karazany rehetra. Tsy tokony havela izany. Inona no ataon'izany? Mamitaka izany. Misy fahafatesana ao amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo. Misy fahafatesana ao amin'ny fisotroana whisky; fanolanana, famonoana olona, faharariantsaina, ao anatin'ilay tavoahangy. Kanefa dia avela hametraka an'izany ao amin'ny programantsika isika ary hanao dokambarotra an'izany toy ny hoe "Ilay karazana izay nosotroin'i dadabe. Fifaliana betsaka avy amin'ny fiainana," karazana zava-pisotro an'ny labiera sy alikaola sasany. Inona izany? Mamitaka izany. Mametraka zavatra eo anoloan'ny besinimaro mba hamonoana ny tenany. Nefa avela hanao an'izany isika.

53 Ary mamelà ahy hiverina eo amin'izany avy hatrany. Ary ireo fiangonana amin'ny alàlan'ny dogma nataon'olona, ireo fanekem-pinoana nataon'olona dia manolotra endrika lehibe ho an'ny olona, ary lavo amin'izany izy ireo, izay fahafatesana. Tsy misy fiangonana hanadio ny fanahinareo. Tsy misy fanekem-pinoana afaka manadio ny fanahinareo. Ny Ràn'i Jesosy Kristy irery ihany no afaka manadio ny fanahinareo, fanafodin'Andriamanitra, voaporofo Izany. Noho izany dia sandoka fotsiny ilay izy, fa ny olona dia miantehitra amin'ny fahalalan'ny hendry, ary matin'izany izy ireo. Ary ny olona amin'izao andro izao dia miantehitra amin'ny fahalalan'ny—ny fanekem-pinoana sy ny anaram-piangonana, ary an-tapitrisany tahaka ny kisoa vonoina no manao ny làlany mankao amin'ny lavaka tsy hita noanoa any amin'ny helo. Henatra iray toy ny inona izany. Noraràna isika tsy hiantehitra amin'ny fahalalantsika manokana. Tsy afaka manandrana isika.

54 Hoy ianareo hoe, "Ny filan-kevitry ny olona ve tsy tokony ho afaka hilaza betsaka kokoa mikasika an'Izany nohon'ny olona anankiray?" Tsia raha milaza ny Tenin'Andriamanitra io olona anankiray io. Nisy mpaminany efajato indray mandeha niakatra teo anatrehan'ny mpanjaka anankiroa, ary niantehitra tamin'ny fahalalan'izy ireo manokana. Saingy nisy anankiray izay nijanona tamin'ny Tenin'Andriamanitra ary izany no nanaporofo fa marina ny azy, Mikaia. Ilay izy dia miankina amin'ny hoe raha Tenin'Andriamanitra izany. Ny zavatra rehetra mifanohitra amin'ny Teny dia diso, tonga any amin'ny fahafatesana. Tsy misy fahendrena afaka mihoatra ny fahendren'Andriamanitra. Izy no manan-tsaina indrindra amin'ny manan-tsaina rehetra. Izy no—Izy no Loharano. Izy no loharano tokana an'ny fahendrena. Ny tenin'ny olona rehetra dia fahadalana sy lainga, afa-tsy ny an'Andriamanitra, raha mifanohitra amin'ny an'Andriamanitra izany. Ankehitriny, raha milaza ny Tenin'Andriamanitra ilay

olona, amin'izay fotoana izay izany—tsy tenin'ilay olona intsony izany, Tenin'Andriamanitra izany. Hitanareo, tsy ny fahalalan'ilay olona izany.

55 Hanao an'ireo karazana fampanantenana rehetra ho anareo i Satana, saingy tsy manana na inona na inona homena anareo izy, satria tsy manana na inona na inona izy. Tsy manana famonjena izy. Inona i Satana? Ny zavatra rehetra mifanohitra amin'ny Teny. Tsy manana famonjena izy, tsy manana Hazavana. Ny fanjakany dia aizina, ary fahafatesana no iafarany. Aizina sy fahafatesana no fanjakan'i Satana. "Rahalahy Branham, avereno indray izany. Inona ny fanjakan'i Satana?" Ny zavatra rehetra mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra.

56 Ankehitriny, mandidy izany, saingy izao no fotoana handidiana. Hitanareo? Ny sampana, ny hazo, raha hitondra voa izy, dia tsy maintsy rantsanana. Izao no fotoana.

57 Ny zavatra rehetra mifanohitra amin'ny didin'Andriamanitra, ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy Andriamanitra. Inona izany, inona ny fahotana? Fahamarinana navadika. Inona ny fahafatesana? Fiainana navadika. Inona ny fanjakan'i Satana? Ny zavatra rehetra izay mametraka zavatra haka ny toeran'ny Teny, ny zavatra rehetra, ny fampianarana rehetra. Teny anankiray, teny anankiray fotsiny. Mety hino ny kely tsirairay ianareo, nino ny kely tsirairay an'Izany i Eva afatsy io Teny anankiray io. Io Teny anankiray io ihany no nilainy mba tsy hinoana. Io Teny anankiray io ihany no ilainareo mba tsy hinoana.

58 Ankehitriny dia ndao jerentsika izany. Ny fomba tokana hijanonana ao amin'ny fiombonana Masina, dia ny fitandremana an'ity Teny ity. Hoy Andriamanitra hoe, "Ianao hanao an'*ity*. Ianao aza manao an'*ity*. Ianao hanao an'*ity,* ary ianao afaka manao an'*ity* ary manao an'*ity*. Fa aza manao an'*ity*." Ankehitriny, ampahany kely anankiray fotsiny tamin'ny didy iray no tsy nankatoaviny, ka nanomboka an'ilay zavatra manontolo. Satria nanao an'izany izy, nanao ny ankizy rehetra izay hany nisy teto amin'izao tontolo izao ho noana, ny fanaintainan'ny fahafatesana rehetra, ny alahelo rehetra, ny aretim-po rehetra. Izy no nanao an'izany tamin'izany mihitsy. Zavatra iray mahatsiravina toy ny inona, ny tsy mino ny Tenin'Andriamanitra. Ny olona rehetra izay mitaraina amin'ny fanaintainan'ny fahafatesana rehetra izay hany nisy na hany hisy, dia izy no nanao an'izany tamin'izany mihitsy. Ny zaza kely rehetra teraka tsy ara-dalàna, izy no nanao an'izany tamin'izany mihitsy, ny zaza rehetra teraka teo ambanin'ny...ivelan'ny fanambadiana. Ny fahotana rehetra izay hany natao, izy no nahatonga an'izany teo mihitsy tamin'ny alàlan'ny fitandremana ny Teny rehetra tany afatsy toerana kely anankiray eto. Izy—nandanjalanja izy. Izy fotsiny...Tsy noraharahiany izany. Fantany izany, saingy

izy fotsiny. . . Voasarika hanao zavatra tsaratsara kokoa izy satria nampanantenaina kilasin'olona iray tsaratsara kokoa, fahendrena tsaratsara kokoa, mahafantatra bebe kokoa mikasika an'Izany raha hanao an'*ity* izy. "Nampianarina tsaratsara kokoa ireo mpitoriteninay. Manana kilasy tsaratsara kokoa izahay."

59 Tsy misy kilasin'olona tsaratsara kokoa eto amin'izao tontolo izao noho ireo izay mitandrina ny Tenin'Andriamanitra. Izany no tsara indrindra. Izany no kilasy tokana izay jeren'Andriamanitra. Vetivety fotsiny dia hamela antsika ho tonga eo amin'izany angamba Andriamanitra.

60 Tsy afaka mampanantena na inona na inona afa-tsy fahafatesana ny fanjakany. Izay ihany no ananany. Izy no mpanao ny fahafatesana. Afaka mampanantena lainga izy satria izy no rain'ny lainga. Tsy afaka manome Fiainana ho anareo izy. Tsy afaka manome ny Lanitra ho anareo izy, tsy manana Lanitra homena anareo izy.

61 Eritrereto izany! Teny anankiray, mba tsy hino an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fampanantenan'ny devoly na ny fitaovany, Teny anankiray, no mandefa anareo ao amin'ny fampijaliana. Tahaka an'izany no nanombohany. Ary raha Andriamanitra, amin'ny Famindrampony araka ny maha-izy Azy, no nandefa an'io vongana helo io teto ambonin'ny tany, ka hahatonga an'ireo ankizy kely noana, ireo karazana fahoriana rehetra, sy olona mosarena, ary ny fahafatesana teto an-tany, nohon'ny Teny anankiray, tany amin'ny voalohany, tsy afaka nijery an'izany ve Izy ka nisakana an'io vongam-pijaliana io? Tsy afaka nanao an'izany ve Izy? Noho izany raha tsy nanala tsiny Teny anankiray tany Izy, nahafantatra fa izany no ho vokany, dia tsy mihoatra noho izany ve no tsy Hanalany tsiny Teny anankiray eo rehefa ny isam-batan'olona no ho lasa ilay mijaly irery, izay tsy mino. Eritrereto izany, zavatra iray goavana izany.

62 Ankehitriny, rehefa nihaino ny laingan'ny devoly i Adama sy Eva, dia niala tamin'izy ireo ilay endrika masin'Andriamanitra, rava ny fiombonan'izy ireo tamin'Andriamanitra. Rava ny fiombonan'ny firaisan'izy ireo tamin'Andriamanitra. Tamin'ilay tena minitra izay nihainoan'izy ireo ny laingan'ny devoly mihitsy, dia izany no nandrava ny fiombonan'izy ireo. Ary amin'ilay tena minitra iray izay ihainoanareo ny laingan'ny devoly mihitsy, dia izany no handrava ny fiombonanareo. Izany ilay tena minitra mihitsy izay ivoahanareo miala amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, tahaka ny nataony, dia rehefa diso tamin'ny fandraisana ny Tenin'Andriamanitra arak'izay maha-izy Azy fotsiny ianareo.

63 Jereo ankehitriny, te-hanontany zavatra aminareo aho. Fantatsika rehetra fa misy Andriamanitra iray. Ary raha tena

marina amin'Ny Teniny Andriamanitra, ka tena tapa-kevitra fa hitsara ny olona amin'ny alàlan'Ny Teniny Izy, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy mitahiry Teny iray any ho any Izy mba hitsarana ny olona. Ity Baiboly ity Izany. Aza adinonareo izany. Ny Baiboly no hitsaran'Andriamanitra ny olona, satria Izao no voalaza ao amin'ny Apokalypsy 22 hoe, "Izay hanaisotra Teny anankiray amin'Izany na hanampy teny anankiray amin'Izany."

64 Hitanareo, tsy manao fotsiny hoe, "Eny, izaho—mandeha any am-piangonana aho. Mino aho. Izaho—izaho—mino an'Andriamanitra aho." Nahoana, ny devoly rehetra ao amin'ny helo dia mino Azy. Ny tsirairay amin'izy ireo dia mpivavaka, ny tsirairay avy.

65 Saingy mila teny anankiray fotsiny izany, izany no mandrava ny fiombonana eo no ho eo. Ny rojo iray dia tsy matanjaka noho ny rohiny malemy indrindra. Ary eo amin'izay misy ny fahalemenareo amin'ny tsy finoana ny Tenin'Andriamanitra, eo no tianareo hametrahana rohy vaovao iray, matanjaka miaraka amin'ny sisa amin'izany. Raha mino ianareo fa mamonjy Jesosy Kristy, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy mametraka rohy iray ao ianareo izay mino fa manasitrana Izy. Raha mino ianareo fa nisy Izy, dia tsy maintsy mino ianareo fa misy Izy. Haleloia! Raha mino ianareo fa nisy Izy, nefa manontany raha misy Izy, dia ho tapaka io rohy io, amin'izay fotoana izay dia very ianareo. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Henjana izany, mafy izany, saingy izany no Fahamarinana. Tsy maintsy mino Azy ianareo, ny Teny rehetra, ny rehetra izay Nolazainy.

66 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Eny, ankehitriny, Rahalahy Branham, ahoana ny amin'ireo anaram-piangonana ireo?" Eny, henoy ankehitriny. Raha mifanaraka amin'ity Teny ity izy ireo, dia mety tsara. Fa raha mandà an'ity Teny ity izy ireo, amin'izay fotoana izay dia tsy mety izany, ny devoly indray izany. Hitanareo?

67 "Ahoana ny amin'ity fiangonana *izao-sy-izao* ity?" Tsy fantatro ny mikasika an'io fiangonana io. Ny zavatra tokana fantatro dia ity Teny ity. Ankehitriny, ahoana no hinoanareo fiangonana iray nefa misy anaram-piangonana samihafa sivinjato mahery, ary ny tsirairay avy dia manao hoe "ny anaram-piangonanay no manana ny Fahamarinana marina tokoa"?

68 Ankehitriny dia aiza no handehananareo? Tsy maintsy manana finoana amin'ny zavatra iray ianareo. Eny, hoy ianareo hoe, "Manana finoana ao amin'ny Metodista aho, ao amin'ny Batista, ao amin'ny Presbyterana, ao amin'ny Loterana, ao amin'ny Pentekotista, ao amin'ny Katolika," na inona na inona ilay izy. Manana finoana an'io rafi-pandaminana io ianareo, ary, raha mifanohitra amin'ny Teny izany, dia manao an'ilay zavatra iray ihany izay nataon'i Eva ianareo. Marina tokoa!

Manao an'ilay zavatra iray ihany izay nataony marina tokoa ianareo, mandray ny Tenin'Andriamanitra ary manao Azy . . .

69 "Eny, misy kilasin'olona tsaratsara kokoa mandeha eto. Izany no tranobe goavana kokoa. Lehilahy manan-tsaina kokoa izy ireo." Tsy misy na inona na inona idiran'izany amin'io. Manan-tsaina kokoa noho i Eva i Satana. Izy tsy nanao... tsy tao amin'ilay sary akory aza. Saingy tsy tokony ho nanan-tsaina izy, tokony ho mpankatò. Tsy tokony ho manan-tsaina isika. Jesosy no nilaza fa ny zanak'ity izao tontolo izao ity, na, ny fanjakan'ity izao tontolo izao ity dia manan-tsaina betsaka kokoa, ireo zanaky ny aizina noho ireo zanaky ny Hazavana. Ampitoviana amin'ny ondry isika. Tsy afaka mitarika ny tenany akory aza ny ondry, tsy maintsy manana mpiandry ondry iray izy ireo. Tsy tian'Andriamanitra ho manan-tsaina isika, Tiany isika hiantehitra amin'ny Fahalalany, amena, amin'izay Itarihany fotsiny. Amena. Hitanareo ve ilay sary? Aza miantehitra amin'ny fahalalanareo manokana. Ohabolana 5, 3. Aza miankina amin'ny fahalalanareo manokana, fa miantehera amin'ny Fahalalany. Tsy mampaninona na toa mifanohitra toy ny ahoana aza ilay izy, ary goavana toy ny ahoana ireo jiro mamirapiratra eto, aza miraharaha an'izany. Miantehera fotsiny amin'ny Fahalalany, izay Nolazainy no Fahamarinana.

70 Ankehitriny, rava ny firaisana tao amin'ny fiombonana eo amin'Andriamanitra sy ireo Zanany, tamin'ilay minitra izay tsy ninoany paragrafy kely anankiray, Tenin'Andriamanitra kely anankiray. Ny olona rehetra izay mahazo an'izany, manaova, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy ny Baiboly; hoy ianareo, "Tsy mino ny Baiboly mihitsy aho. Mino ny antsasak'Izany aho." Tokony nino Azy rehetra izy, ny kely tsirairay.

71 Tsy izany ihany, fa rava ny firaisana teo amin'ny vady lahy sy vady vavy. Tsy mino aho fa misy fanambadiana mety ho araka ny tokony ho izy raha tsy misy firaisana eo amin'ny vady lahy sy vady vavy ary Andriamanitra. Marina izany. Hitondra zanaka eto amin'izao tontolo izao izy ireo, ary hanao azy ireo ho tsy ara-dalàna, hanome sigara azy ireo, whisky, hilalao karatra eo imasony, hisotro toaka eo anatrehan'izy ireo. Tsy mampaninona na mahatoky toy ny ahoana aza izy ireo amin'ny voadim-panambadiany, ara-pananahana izany, ny nofo izany. Saingy misy fanahy iray ao anatiny ao, ilay fanahin'ny papa sy mama mpanota iray, tsy mampaninona na mahatoky toy ny ahoana aza izy ireo amin'ireo zanany, dia ho diso.

72 Eny, hoy ianareo hoe, "Mahafantatra lehilahy sy vehivavy aho izay tsy nampianatra an'izany an'ireo zanany, nefa tsy Kristiana." Ilay tena zavatra ny amin'ny tsy nitarihana azy ireo teo amin'i Kristy mihitsy no ilay zavatra ratsy indrindra hany azon'izy ireo natao ankoatr'ilay hafa; ny tsy nitarihana azy ireo teo amin'i Kristy, hitanareo. Noho izany dia tsy afaka

hanana firaisana marina ianareo raha tsy misy an'izany. Rava ilay fiombonana.

73 Noho izany vantany vao rava ilay fiombonana teo amin'i Adama sy Eva . . . Vantany vao rava ny fiombonan'izy ireo teo amin'Andriamanitra sy izy ireo, tamin'izay fotoana izay dia rava ny fiombonana teo amin'ny tsirairay.

74 Henoy! Isaky ny mandrava ny fiombonany ny fiangonana iray, mba hampiditra ny tenany ao amin'ny rafi-pandaminana iray, dia rava ny fiombonan'ireo mpino. Tsy maintsy mino amin'ny fo iray, saina iray, ary fanekena iray isika. Tahaka an'izany izy ireo talohan'ny hany nanaovana an'ilay firaisana tamin'ny Andron'ny Pentekosta; fo iray, saina iray, ary fanekena iray. Ary rehefa mampiditra fiangonana iray ao anatin'ny rafi-pandaminana iray ianareo, dia hahazo an'ireo karazana vondrona rehetra ianareo ao anatin'izany. Satria, ny sasany amin'ireo zanaka ao anatiny ao dia hino an'Andriamanitra, hihazona eo amin'ny zavatra izay marina izy ireo, ary ireo hafa handeha amin'ilay làlana hafa. Noho izany, dia tsy manana fiombonana ianareo. Eny.

75 Inona? Niova ny fisainany. Oh, eny, niova ny fisainany. Tsy tsara ny fiombonany tamin'ny vadiny. Nanomboka nifanilika izy ireo. Hitanareo? Niova tokoa ny fisainany. Nahoana? Nanana ny fiainan'ny devoly tao aminy izy. Marina tokoa! Vantany vao tsy nino ny Tenin'Andriamanitra izy, dia nanaiky ny fiainan'ny devoly satria nanaiky ny fampianarany.

76 Afaka manao an'ity ho tena mahery mihitsy aho eto, saingy eo amin'ny horonam-peo ilay izy. Azoko antoka fa mahazo ianareo, ny Fiangonana.

77 Tsy nino ny Tenin'Andriamanitra izy ary izany no nampisaraka azy tamin'Andriamanitra, satria tao aminy tamin'io fotoana io mihitsy ny fiainan'ny devoly. Nino ny laingany izy, nanao hoe, "Tsara ilay voankazo," ka nandray anjara tamin'izy ireo niaraka taminy izy. Marina izany.

78 Tsy hihazona an'Ity aho, avelako ho tonga Izany na ahoana na ahoana. Tsy afaka fotsiny aho. Indray andro tany California, ny tiako lazaina dia tany Arizona, nampianatra tao amin'ny fiangonana iray aho. Tsy mbola nilaza na inona na inona teo ambanin'ny tsindrimandry mihitsy aho ka tsy maintsy hany nosintoniko. Maro be tamin'ireo mpitoriteny no nanenjika ahy mikasika ny taranak'i Satana, ny taranaky ny menarana. "Ilay vehivavy, nihinana paoma iray izy." Hah! Izany, eny, nihevitra an'ilay zavatra iray ihany i Kaina, nitondra an'ireo vokatry ny saha izy, hitanareo. Tsy paoma ilay izy! Ahoana no nahafantarany fa nitanjaka izy? Efa nandalovantsika izany. Raharaha ara-pananahana tokoa ilay izy. Izany tokoa, izany ilay izy, fantany fa nitanjaka izy. Ary nahazo zanaka iray avy tamin'ny menarana izy, izay tsy biby mandady iray, izy no fetsy

indrindra tamin'ireo bibidia rehetra. Izy no zavatra manaraka ny olona. Afaka mahita gidro sy rajako ny olona—rajako, sy ny sisa, fa tsy afaka mahita an'ilay rohy izay mampifandray ny olona sy ny biby miaraka izy ireo. Io izy. Nozonin'Andriamanitra izy hatramin'izao ka tsy afaka miverina intsony indray, izany no eo aminy noho io hetsika ratsy izay nataony io. Izy no voa tokana izay afaka nifangaro.

79 Ankehitriny, indray andro, nitsangana aho, nitory teny, dia nisy andian'olona Katolika iray teo amin'ny mpanatriko, ary hoy aho hoe, "Ianareo vahoaka Katolika izay miantso an'i Jesosy, na, miantso an'i Maria, raha ny marina hoe, 'ny renin'Andriamanitra,' ahoana no ahafahan'Andriamanitra hanana reny nefa Mandrakizay Izy? Tsy afaka manana reny iray Izy. Tsinontsinona tamin'i Maria akory aza Jesosy, fa Izy fotsiny dia . . . izy dia fikotrehana iray izay nahafoy Azy."

80 Eny, nino foana izy ireo, ary nanana hevitra iray ny amin'izany ny tenako taona maro lasa izay, fa ilay—ilay fananan-anaka madio dia hoe Andriamanitra no nanaloka azy ary nametraka selan-drà tao anatiny tao, fa avy amin'ny vehivavy ny atody. Raha avy amin'ny vehivavy ny atody, dia tsy maintsy misy fahatsapana hitondrana ny atody amin'ny alàlan'ny fantsona mankany amin'ny kibo. Hitanareo ve izay anaovanareo an'Andriamanitra? Mampiditra Azy ao anatin'ny loto ara-pananahana iray ianareo. Andriamanitra, Izay namorona an'ilay selan-drà, no namorona ny atody, ihany koa. Dokotera, tsy maintsy misy vovom-bony lahy sy vavy eo. Marina izany.

81 Eny, noho izany, raha io vehivavy io no namokatra an'ilay atody, dia ahoana no nahafahan'i Davida nilaza hoe "Tsy hamela Ny Iray Masiko hahita ny lò Aho, na hahafoy ny Fanahiny ao amin'ny helo koa Aho"? Noho izany raha atodin'ny vehivavy no tao amin'i Kristy, amin'izay fotoana izay dia manana zavatra hatao amin'ny Ampahany ilay olona amin'ny fitsanganana, nefa an'Andriamanitra feno manontolo izany. Nahoana Andriamanitra no hanangana ampahany ara-pananahana an'ny olona iray? Tamin'ny fitsanganana, nahoana no tsy Navelany hahita ny lò ny Vatany? Satria masina Izy. Ary ahoana no Nahafahany ho masina raha naterak'i Maria Izy, ary ny vovom-bony dia avy tamin'i Maria, ilay atody nidina avy tamin'ny alàlan'ny fantsona nankao amin'ny kibo? Tsy maintsy nisy fahatsapana mba hampidina an'ilay atody. Amin'izay fotoana izay ilay vehivavy dia ho . . .

82 Eny, hoy ianareo hoe, "Mety ho efa nipetraka teo ilay atody. Mety ho azo natao izany." Fa izany, raha izany, amin'izay fotoana izay dia jereo izay mitranga eto, amin'izay fotoana izay dia tsy Andriamanitra tanteraka Izy. Tsy Andriamanitra Izy, satria olombelona Izy. Fa amin'izay fotoana izay raha izany no izy, dia nanana zavatra tao anatin'izany ilay vehivavy. Ary ny—ny tena taranaka izay avy amin'i Maria, izay avy amin'ny reniny, sy

ny reniny, ary ny reniny, dia zavatra olombelona nifangaro tao anatin'izany, niaraka tamin'ny filàn'olombelona. Tsy mety izany. Tsia, tompoko. Hoy aho hoe, "Izy . . . izy fotsiny dia . . . "

83 Toy ny hoe alainareo fotsiny ny voromahery ka avelanareo hanatody izy, ary apetrakareo eo ambanin'ny reniakoho izany, hahafoy an'ilay atody ilay reniakoho, mpikotrika fotsiny izy. Saingy tsy misy pentina kely iray mikasika an'izany, ilay voromahery, akoho iray io. Tsia, tompoko. Ilay reniakoho dia ny . . . Afaka mamatotra alika kely iray ianareo eo an-tampon'ny—ny atodim-borona iray, ary hahafoy vorona iray izy, hanao an'izany ilay alika kely. Ny hafanan'ny vatana no nahafoy an'ilay atody.

84 Ary tahaka an'izany koa ny amin'i Jesosy. Mpikotrika fotsiny i Maria. Nampiasa azy tahaka ny Ampiasany ny vehivavy hafa rehetra Andriamanitra. Virijiny izy, tsy nanan-janaka izy. Niditra tao amin'ny kibon'ny virijiny Izy, fa Andriamanitra ilay Mpamorona no nanao ny atody sy ny tsimok'aina, namorona an'izany. Noho izany, dia fananan-anaka madio izany.

85 Rehefa mivoaka aho, mazava ho azy, fantatrareo fa miandry ahy ireo rahalahy. Hoy izy ireo hoe, "Rahalahy Branham, te-hanontany zavatra aminao aho. Nanao fahadisoana ianao. Ankehitriny dia tratranay ianao."

Hoy aho hoe, "Eny àry, izany no tiako, ny tratra."

86 Dia hoy izy, "Nanao an'ilay fahadisoana ianao tamin'ny filazana an'ity, rehefa nitory *Ny Taranaky ny Menarana* ianao. Ankehitriny dia nilaza ianao fa—fa ilay atody dia an'ny . . . Andriamanitra no namorona azy, ny atody. Ny nitranga, hitantsika eto fa ao amin'ny Genesisy ny toko faha-3, dia hoy Andriamanitra tamin'i Maria hoe, 'Hampifandrafesiko ny taranakao sy ny taranaky ny menarana.'"

87 Nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray!" Tsy nitory na inona na inona mihitsy aho teo amin'ny fiainako teo ambanin'ny tsindrimandry ka tsy maintsy nosintoniko indray, satria tsy miankina amin'ny fahalalako manokana aho. Ary raha mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra ny fahalalako, amin'izay fotoana izay dia diso ny fahalalako. Tsy maintsy ny Tenin'Andriamanitra ilay izy. Raha tsy izany, dia avelao hipetraka tsara izany, tsy marina izany. Fa ankehitriny ny mamotika an'Izany no zavatra hatao. Tao am-poko, hoy aho hoe, "Ray any An-danitra, manampia ahy Ianao. Tsy fantatro izay hatao eto. Manana ny Soratra ilay lehilahy, nanondro ny rantsan-tànany izy eo amin'ny, 'Hampifandrafesiko ny taranakao sy ny taranaky ny menarana.'"

88 Ankehitriny, eto ilay izy! Nihetsika teo ambony ny Fanahy Masina. Mino aho fa ilay Anankiray ihany izay afaka nanaloka an'i Maria, izay afaka namorona, dia afaka mametraka Teny iray ao am-bavanareo koa Izy. Miankina Aminy isan'andro

aho. Ary Ny Teniny foana izany. Izy tsy afaka milaza ny. . . zavatra mifanohitra amin'Ny Teniny. Noho izany raha milaza ianareo fa voahosotra, nefa mitory manohitra an'ireo Fahamarinan'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia tsy ilay hosotry ny Fanahy Masina izany. Satria, rehefa manaloka anareo ny Fanahy Masina, dia mitondra an'ilay zavatra iray ihany Izy, satria Izany no Teny.

89 Henoy. Inona no nitranga? Hoy aho hoe, "Eny àry, tehanontany zavatra aminareo aho. Tsy manana atody ilay vehivavy. Tsy manana taranaka izy. Nilaza Izy ankehitriny, tsy nilaza Izy hoe 'atody iray,' hoy Izy hoe 'ny taranakao.' Nefa tsy nanana taranaka izy."

90 Mila firaisana iray hanaovana taranaka iray. Marina ve izany, dokotera? Tsy maintsy misy. Raha manana nofom-boankazo betsaka ianareo eto, tsy nanana aina tao anatiny, ary namboly azy eto, izany—tsy hitsimoka mihitsy izany, handry eo ary lò. Ary tsy afaka mamboly ny aina ianareo raha tsy manana ny nofom-boankazo. Noho izany, hitanareo, ilay zavatra manontolo dia firaisana iray. Miezaka aho ankehitriny miteny aminareo mikasika an'i Kristy sy ilay Fiangonana. Firaisana iray izany. Hitanareo, raha taranaky ny tenany ny vehivavy amin'izay fotoana izay dia tsy ilainy ilay lahy, afaka mahazo ny zazakeliny samirery izy. Saingy izy tsy afaka ny ho, tsy afaka mahazo an'ilay zazakely izy raha tsy efa niaraka tamin'ilay lahy, satria mila an'ireo anankiroa miaraka hanao taranaka iray. Marina ve izany? Amboleo ny voa iray tsy misy aina ao anatiny, dia jereo izay hitranga.

91 Toy ny nanaovan'izy ireo an'ity fitenenana ity mikasika an'io vehivavy izay niteraka an'ireo alika eto ireo io. Hitanareo, tsy afaka ho velona izany. Tsy afaka izany, satria, hitanareo, tsy hifangaro ireo vovom-bony.

92 Ankehitriny, mariho ity ankehitriny, ilay—tsy taranaka iray ilay vehivavy. Noho izany, hoy Izy hoe, "Hampifandrafesiko ny taranakao sy ny taranaky ny menarana." Niteny taminy fa Izy dia, ny Tenany, hanome azy taranaka iray, tsy amin'ny alàlan'ny firaisana, ara-pananahana. Hamorona taranaka iray ao anatiny Izy. Eny, hoy ianareo hoe, "Ho ny Taranany ve izany?" Eny. Ho an'i Maria izany rehefa avy Nomeny azy. Ity ny masoko, Nomeny ahy ity. Masoko izany, saingy Izy no nanome ahy an'izany. Ity ny tànako, Nomeny ahy izany. Izany dia ny feoko, saingy Izy no nanome ahy an'izany. Hitanareo? Ary ilay taranaka izay, Maria . . . tsy misy idirany amin'i Maria. Zavatra izay nataon'Andriamanitra Izy tenany izany.

93 Noho izany ilay voa izay tao anatiny tamin'izany, dia firaisana iray avy tamin'ny hetsika tsy ara-dalàna iray, dia ny fahafatesana. Efa bevohoka an'ilay taranaky ny menarana izy, satria izy efa niara-niaina tamin'ny . . . Dia nitodika izy ka

nilaza, tamin'ny tenany hoe, "Ny menarana no namitaka ahy." Marina izany. Ary, teo no ho eo, dia tonga i Kaina.

94 Oh, fantatsika fa izy dia nilaza fa nahazo zanaka avy amin'Andriamanitra izy. Izany tokoa, ny zaza rehetra izay teraka, tsy ara-dalàna sy ny zavatra hafa rehetra, dia tsy maintsy tonga amin'ny alàlan'ny asan'Andriamanitra. Izy no Anankiray tokana Izay afaka manamboatra aina. Izany tokoa. Marina izany.

95 Hitanareo, efa ho reny izy. Ary izany dia tsy mihitsy... ny nataon'izany fotsiny, dia nanazava an'ilay zavatra mikasika ny taranaky ny menarana. "Ny taranaka izay ao anatinao ankehitriny dia amin'ny alàlan'ny fananan-anaka, ny fihetsikao tsy ara-dalàna manohitra Ny Teniko, miaraka amin'ity zavatra eto ity, ary manana ny taranaky ny menarana ianao ankehitriny. Fa Homeko taranaka iray avy amin'ny fananan-anaka madio ianao, ka Ny Taranany hanorotoro ny lohan'ny menarana, ary ny lohany hanorotoro ny ombelahin-tongony." Amena. Avelao fotsiny Andriamanitra hanana an'izany, raha Ny Teniny izany dia Izy no hanao an'Izany hiseho.

96 Izany no antony tokony hisy anareo ao amin'ny firaisana amin'Andriamanitra. Izany no antony nilazan'i Petera tamin'ny Andron'ny Pentekosta, taorian'ny nilazan'i Jesosy hoe "manaova batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina," nitodika i Petera ka nanao hoe "manaova batisa azy ireo amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy," satria ny Anaran'ny Ray, Zanaka ary ny Fanahy Masina dia Jesosy Kristy Tompo. Hitanareo ve izany? Mila firaisana iray izany.

97 Tsy mbola nahita an'i Petera mihitsy i Paoly, saingy ilay Fanahy Masina iray ihany, tao amin'io firaisana iray io ihany (voninahitra!), no nanao azy hilaza an'ilay zavatra iray ihany. "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina hatramin'ny ninoanareo?"

Hoy izy hoe, "Tsy fantatray na misy izany."

Hoy izy, "Ahoana no nanaovana batisa anareo?"

Hoy izy, "An'i Jaona."

98 Hoy izy, "Tsy maintsy atao batisa indray ianareo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy." Dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo.

99 Inona izany? Ny firaisana, milaza an'ilay zavatra iray ihany izay lazain'Andriamanitra! Ary izany ilay fiaikena. *Miaiky* dia midika hoe "milaza an'ilay zavatra iray ihany." Ary Izy no Mpisoronabe an'ny fiaikentsika, mba hihetsika eo amin'izay efa Nolazainy. Milaza isika fa Izany no Fahamarinana, ary mihetsika eo amin'Izany Izy. Oh, oadray! Eo ianareo izao. Izany ilay fananan-anaka.

100 Diniho ankehitriny hoe ahoana izy—izy—rava ny firaisana teo aminy sy ny vadiny. Hitanareo, haingana mihitsy, vantany

vao nilaza Andriamanitra hoe “Adama, ahoana no nanaovanao an’izao?” Raha tokony hiaro ny vadiny, dia nahiliny tany amin’ny vadiny ilay izy. “Ny vehivavy izay Nomenao Ahy.” Rava ny firaisana. Hitanareo?

101 Inona no nataony? Raha tokony nitia ny vadiny sy niteny ny Fahamarinana, dia nandainga izy. Izy—izy—izy—tokony ho nilaza izy hoe, “Tsy manan-tsiny izy, izaho no nanome azy.” Amena. Hoy ny Baiboly hoe, “Nomeny ny vadiny.” Tokony ho nilaza izy hoe, “Tsy manan-tsiny ilay lehilahy. Izaho no nanome azy dia nihinana izy, fa izaho no ilay anankiray izay nanome azy an’izany.” Raha tokony ho izany, dia nahiliny tany amin’ny menarana ilay izy, làlana akaiky indrindra.

102 Izany ilay zavatra iray ihany izay ezahan’izy ireo atao amin’izao andro izao. Hitanareo, ny vady lahy, ny vady vavy, rava ilay firaisana. Vady lahy sy vady vavy, rava ny fiombonana teo amin’izy ireo. Rava ny firaisana teo amin’izy ireo, rava ny firaisana teo amin’izy ireo sy Andriamanitra. Simba ilay zavatra manontolo. Nahoana? Satria Teny anankiray no tsy ninoana. Oh, rahalahy, oadray! Hia, tokony ho niteny ny Fahamarinana izy. Vita ilay firaisana teo aminy sy ny vadiny, ary vita ilay firaisana teo amin’izy ireo sy Andriamanitra. Ary ny fiangonana rehetra izay tsy mandray ny Tenin’Andriamanitra manontolo, dia ilay zavatra iray ihany no mitranga. Tiako Izany, ary ianareo?

103 Diniho ny lahimatoany, Kaina, mpamono olona, mandainga, mpamitaka, mialona, mialona ny rahalahiny. Ny rahalahiny dia nitandrina ny Didin’Andriamanitra, ka nanao fanaovampanavotana iray Andriamanitra tamin’ny famonoana fanatitra ary nanolotra an’izany ho azy ireo. Jereo ny tsy fahalalana an’izany ankehitriny, i Satana, nanandrana nanolo zavatra iray. Andriamanitra, hoy ny Baiboly, dia nandeha ka nanamboatra aron’akanjo ho azy ireo avy tamin’ny hoditra; mba hahazoana hoditra, dia nisy zavatra maty. Nanandrana nanamboatra aron’akanjo ho an’ny tenany avy tamin’ny ravin’aviavy i Adama. Tsy nety izany, ainan-java-maniry. Ny aina, ny aina mihetsika no tsy maintsy maty. Noho izany dia namono endrika aina iray ambany kokoa Izy, ary nilaza tao anatin’izany fa “Indray andro any dia Ny Aiko Manokana no homena ho anareo, ilay tena Aina izay hamerina an’io firaisana io indray.” Ankehitriny, ho tonga eo amin’izany isika afaka minitra vitsy, raha sitrak’Andriamanitra. “Hitanareo, ity ny ain’ny zanak’ondry. Ankehitriny, apetraho manodidina anareo ity ary afeno ny fitanjahanareo.” “Tsy tokony hihinana paoma ve ianareo”? Fahadalana! Hitanareo? “Apetraho manodidina anareo ireto hoditra ireto.” Tsy maintsy namono zavatra iray Izy.

104 Ary ny zanak’i Satana, tsy tonga tamin’ny fomba Nilainy, ny nahatongavany. Ny fomba rehetra tianareo ilazana azy, fa zanak’i Satana izany, satria io fahadiovan’i Adama tamin’Andriamanitra io dia tsy afaka hamokatra an’io karazan-

javatra io. Mariho avy eo ny zanak'i Satana, miezaka manao fanaovam-panavotana, miverina miaraka amin'ilay zavatra iray ihany izay lazain'ny ankamaroan'ny olona amin'izao andro izao, andiana paoma sy vokatry ny tany, hatolotra ho an'ny fanaovam-panavotana, ho fanefitra.

105 Ary inona no nataon'i Abela marina? Fantany fa ilay izy dia tsy izany karazan-javatra hoe mihinana paoma izany. Ràn'ny reniny sy ny dadany izy, ny ain'izy ireo. Noho izany dia nitondra zanak'ondry iray izy, tahaka ny nataon'Andriamanitra mihitsy. Haleloia! Nitandrina ny Tenin'Andriamanitra izy, ka nialona azy i Kaina.

106 Ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao! Midira ao amin'io fanatitra-rà io, ity Tenin'Andriamanitra ity arak'izay Lazainy marina tokoa, mijanòna tsara amin'Izany. Maro amin'izy ireo no hino an'io fanatitra-rà io, azo antoka, saingy milaza zavatra hafa ao amin'ny Teny, hoy izy ireo, "Oh, tsia, tsy mino an'izany aho. Ah-hah, izany—ho an'ny andro hafa iray izany." Ilay devoly taloha ihany, ilay hafetsena taloha ihany! Miandrasa mandra-pahavitantsika an'izany. Mariho, tonga tamin'ilay fomba iray ihany izy.

107 Fa i Kaina kosa, tao amin'ny fanao adalany, dia tsy tena adala, fa tao amin'ny fanao fetsiny, dia namitaka, ary nitondra voankazo. Adama nitandrina ny. . .Nitandrina ny Tenin'Andriamanitra i Abela, nitondra zanak'ondry iray izy. Hoy Andriamanitra, "Marina izany, ry Adama, ianao dia nitandrina. . .Na, Abela, efa nitandrina Ny Teniko ianao." "Kaina, fantatrao fa ilay izy dia tsy. . .Taiza no Nakako ravin'aviavy tahaka ny niezahan'i dadanao natao? Manana andiana aviavy iray ianao na voaloboka na paoma na inona no anananao eto. Ary ankehitriny ny rainao dia naka an'ireo ravina avy tamin'ny hazo, mba hiezaka hanao fanaovam-panavotana iray, ary indro ianao fa manandrana mitondra ny voankazo avy amin'ilay hazo." Tsy izany ilay izy! Rà avy amin'ny aina izany.

108 Oh, nentin'Andriamanitra izany, nanao hoe, "Ity ilay izy." Ary Abela no nanolotra an'ilay anankiray marina. Noho izany dia nialona azy ny rahalahiny. Jereo izay nataony, namono ny rahalahiny izy. Nanangana anankiray hafa Andriamanitra; tahaka ny fahafatesana, fandevenana, ary fitsanganan'i Kristy. Diniho. Andriamanitra arak'izany, Ny. . .Inona no Noteneniny tamin'i Adama sy Eva? "Mandehana ka mihabetsaha ary mamenoa ny tany." Aparitaho manerana ny tany rehetra ny taranak'olombelona, mba Ahafahany hifampiraharaha tamin'izy ireo isam-batan'olona mandra-Pahafahany mamerina azy ireo miaraka indray. Mifampiraharaha amin'ny olona, isam-batan'olona, olona tsirairay. Saingy tsy tahaka an'izany no nitiavan'izy ireo azy.

109 Aza diso an'ity fanambarana ity. Andriamanitra, aoka

hitranga izany. Enga anie ianareo hahita an'izany araka ny hijereko azy.

110 Hitanareo, tsy izany ilay izy, tsy mifampiraharaha amin'olona iray ao anatin'ny vondrona iray Andriamanitra. Tsy mifampiraharaha aminareo ao anatin'ny rafi-pandaminana iray Andriamanitra. Mifampiraharaha aminareo amin'ny maha-isam-batan'olona Izy, isam-batan'olona. Isam-batan'olona no anaovana batisa antsika amin'ny Fanahy Masina. Mitambatra no anaovana batisa antsika ao amin'ny Vatana rehefa atao batisa amin'ny Fanahy Masina isika. Isam-batan'olona, no vita batisa tamin'ny Fanahy Masina ny tsirairay avy, Andriamanitra mifampiraharaha amin'ny tsirairay avy. Izany no Tanjony, hanaparitaka azy ireo manerana ny tany mba Ahafahany mifampiraharaha amin'izy ireo isam-batan'olona.

111 Fa raha tokony ho izany, dia inona no nitranga? Tsy maintsy nanasaraka ny olon'i Kaina tamin'ny olon'i Seta Andriamanitra. Nalefany i Kaina. Nosarahany izy ireo mba Ahafahany mifampiraharaha amin'ny Fiangonany. Diniho. Nosarahina i Kaina. Diniho ankehitriny. Nosarahin'Andriamanitra tamin'i Seta masin'i Adama i Kaina ratsin'i Eva. Oh! Nanao an'izany ve Izy? Tamin'ny alàlan'ny hetsika tsy ara-dalàna, no niainan'ity vehivavy ity niaraka tamin'ny olon-kafa ary niteraka zaza iray. Nosarahin'Andriamanitra tamin'ity lehilahy marina sy masina ity io zaza io sy ireo taranany, ireo zanany.

112 Ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao, fisarahana, misaraka, mahita azy ireo, tsy tao anatin'ny firaisana izy ireo. Tsy afaka nanana firaisana izy ireo. Afaka manana firaisana amin'ny andro ve ny alina? Afaka manana firaisana amin'ny tsy mahatoky iray ve ny mpino iray? Afaka manana firaisana amin'ireo izay mino ampahan'ny Tenin'Andriamanitra fotsiny ve ny olona iray izay mino ny Tenin'Andriamanitra rehetra? Mila mpampisaraka Andriamanitra.

113 Ankehitriny, Kaina dia zanak'i Eva, hoy izy hoe, "Nahazo zanakalahy iray aho." Fa i Seta dia zanak'i Adama. Ary nosarahin'Andriamanitra izy ireo satria izy tsy afaka namela . . . Nahoana, ho nifanimba izy ireo, ho nanimba an'ireo zanaka tsaran'i Seta ireo zanaka ratsin'i Kaina. Marina izany.

114 Diniho ankehitriny! Ary ilay devoly taloha iray ihany izay nanao an'i Eva tsy hino Tenin'Andriamanitra anankiray, ary niteny tamin'izy ireo mba hampisaraka ny tenan'izy ireo amin'ny hafa sy hiaina hafa, ny tsirairay avy, io devoly iray io ihany no niditra teo anivon'izy ireo ka nitondra azy ireo niaraka indray. Azonareo ve ilay izy? Manaova, "Amena," raha nahazo ianareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nitondra azy ireo niaraka indray izy teo ambanin'ny firaisana sandoka iray, hetsik'Andriamanitra iray . . . manohitra ny drafitr'Andriamanitra. Inona no nitranga? Ahoana no

nanaovany an'izany? "Ireo zanakalahin'Andriamanitra," hoy ny Baiboly, Genesisy, "dia nahita an'ireo zanakavavin'ny olona." Ireo zanakalahin'Andriamanitra, zanak'i Seta, dia nahita an'ireo zanakavavin'ny olona, zanak'i Kaina, hoe tsara tarehy toy ny ahoana izy ireo. Ham! Ary, inona no nataon'izy ireo, lavo tamin'ireo izy ireo! Ary nampiray ny tenany niaraka indray izy ireo, nohon'ny hatsaran-tarehy, hoe "tsara tarehy ho jerena izy ireo."

115 Ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao! Eto ianareo izao, rahalahy. Ianareo Pentekotista malemy, izay Andriamanitra no nanasaraka anareo ka nandefa anareo mba tsy ho anaram-piangonana iray! Tsy afaka manao ny pentekosta ho anaram-piangonana ianareo. Naniraka anareo mba ho Olony. Saingy nahita an'ireo fiangonana goavana mahafinaritra sy teolojia ianareo, nanao sekoly goavana betsaka sy ny sisa ho an'ny tenanareo ianareo. Ary inona no nataonareo? Nampiray ny olon'Andriamanitra tamin'ny rafi-pandaminana indray ianareo, izay, ny tena fototr'izany mihitsy dia ny Katolisisma. Fiangonana tsara tarehy, goavana, olona tsara akanjo, tonga ny ben'ny tanàna sy ny sisa rehetra amin'izy ireo, miakanjo tsara indrindra, nianatra tsara indrindra, teolojiana ambony, mahafantatra hoe ahoana no ahatongavana eo amin'ny toerana iray izay anaovan'ny olona rehetra ny akanjo tena raitra indrindra, ary ilay pasitera dia mitsangana tena tanteraka mihitsy eo amin'ny toerany. Inona izany? Mijery an'ireo zavatra izay nohelohin'Andriamanitra ianareo. Ary nalainareo ilay fiangonana Pentekotista (Andriamanitra, aoka ho ao amin'ireo horonam-peo izany!) ka nampiray azy tamin'ny rafi-pandaminana iray. Tsy nila Azy niray mihitsy Andriamanitra, nila Azy nisaraka Izy; tsy niray tamin'izao tontolo izao mihitsy.

116 Ilay devoly tranainy iray ihany izay nahatonga an'i Eva tsy hino ny Tenin'Andriamanitra sy nanao azy ho ratsy, no niverina avy hatrany ary nitondra an'ireo zanak'i Seta ka namela azy ireo hahita an'ireo vehivavy tsara tarehy an'i Kaina ireo, dia niray indray izy ireo. Ary tsy hoe tsy mahatoky izy ireo. Tsy kominista izy ireo. Tsia, tsia. Mpino izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny mety hanao zavatra angamba ny Tompo." Na, oh, ity tahaka an'izany. Izy ireo—izy ireo dia . . . Nihevitra izy ireo fa nanao an'izay marina. Ary inona no tsy maintsy nataon'Andriamanitra? Namafa an'ilay zavatra manontolo, tsy maintsy namafa an'ilay zavatra manontolo. Eo ambanin'ny firaisana sandoka! Tsy maintsy nandefa safodrano iray Izy ary nandringana an'ilay andiany manontolo. Tonga ny fitsarana ho an'io firaisana sandoka io. Nihatra tamin'i Edena ny fitsarana nohon'ny firaisana sandoka iray.

Ankehitriny, nanana taranaka ve ilay menarana? Mbà menatra ianareo.

117 Firaisana sandoka iray no nitondra fitsarana teto an-tany,

ho an'i Eva sy Adama, tao Edena. Ary firaisana sandoka iray no nitondra ny safodranon'ny fitsaran'Andriamanitra teto antany satria nisakaiza tamin'ireo zanakalahin'Andriamanitra ireo zanakavavin'i Kaina, ary lavo tamin'izany izy ireo ka niray niaraka indray. Eo ianareo izao. Firaisana sandoka, "Tsy nisy na inona na inona afaka hitranga." Inona no nataon'Andriamanitra? Naringany ilay zavatra manontolo, ny rehetra afa-tsy i Noa antitra sarobidy sy ny fianakaviany. Izy. . . niaraka izy ireo.

118 Ary taorian'izany indray, taorian'ny fahafatesan'i Noa, sy io fianakaviana ara-panahin'i Noa io, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia manomboka mifampijery indray ireo zanaky ny olona. Inona no nataon'izy ireo? Hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny, tsy hoe tsy mpino isika, mino an'Andriamanitra isika rehetra." Noho izany dia nanana lehilahy iray izy ireo, ho mpitarika iray, arseveka malaza iray amin'ny anarana hoe Nimroda, ary nanorina tilikambo iray izy ireo. Tsy hoe tsy mahatoky izy ireo. Nino izy ireo fa nisy Lanitra iray. Nino izy ireo fa nisy helo iray. Nino ny fitsarana izy ireo. Fa ireo zanak'Andriamanitra miaraka amin'ny zanakavavin'ny olona, indray, dia nanao firaisana ho an'ny tenany, sandoka, ka nanorina katedraly goavana be iray, rafi-pandaminana goavana be iray, ary ny toerana hafa rehetra dia ho—ho an'i Babela, dia tsy maintsy nandoa hetra ho an'izany.

119 Ary hoy izy ireo hoe, "Teneniko aminareo izay azontsika atao. Fantatrareo fa manan-tsaina isika." Taiza no nahazoan'izy ireo an'izany fahendrena izany? Avy tamin'ny devoly. Marina tokoa izany. Nahazo an'izany avy tamin'ny devoly izy ireo tahaka—tahaka ny nataon'i Eva. Nahazo an'izany avy tamin'ny devoly. Noho izany dia hoy izy ireo hoe, "Hanorina rafi-pandaminana iray ho an'ny tenantsika isika, hampifaly an'Andriamanitra isika. Ary ho teneniko aminareo izay hataontsika, hanana tohatra kely isika. Hiakatra isika ka hihira sy hifaly miaraka amin'ireo anjely, ary hiverina eto ka hiaina araka izay tiantsika iainana." Mbola velona foana io devoly io. Hitanareo? Nifanohitra tamin'ny didin'Andriamanitra izany. Tsy nitandrina ny Didiny izy ireo. Inona no nataon'Andriamanitra? Eny, nanorina ny tilikambon'i Babela izy ireo, sandoka indray, ka nampifanjevo azy ireo Andriamanitra ary nampisaraka azy ireo.

120 Nanasaraka indray Andriamanitra ka naniraka an'i Abrahama antitra marina tsara Izy, nanao hoe, "Haka anao fotsiny Aho ary hanao firenena iray avy aminao." Nosarahin'Andriamanitra izy ireo. "Mivoaha avy eo anivon'izy ireo, ry Abrahama, avelao any aoriana ny zavatra rehetra." Ary tsy nitahy azy mihitsy Andriamanitra raha tsy namela ny zavatra rehetra tany aoriana izy ireo, i Lota no farany. "Mivoaha, ry Abrahama, saraho amin'ireo tsi-mpino ny tenanao. Ary haka anao Aho ka hanao firenena iray avy aminao. Hanao vahoaka iray Aho izay hitandrina ny Didiko. Hanome azy ireo anjara

iray hafa Aho."

121 Nandeha nivahiny tany amin'ny tany hafa iray i Abrahama tsara antitra. Izany no ataon'ny Abrahama tsirairay, mivahiny any amin'ny tany hafa. Inona? Mino teny fikasana iray izay tsy azo natao, araka ny fitenin'olombelona. Inona no heverinareo ho nolazain'ireo dokotera moderin'i Kaina tamin'izany andro izany? "Fioo, oadray, lehilahy antitra iray, zato taona, hahazo zazakely iray avy amin'ny vadiny iray, sivifolo taona? Oh, zavatra iray mahatsikaiky toy ny inona!" Fa nino ny Tenin'Andriamanitra i Abrahama. Ary ny zavatra rehetra nifanohitra tamin'izany, dia nantsoiny ho toy ny tsy nisy.

122 Ireo batisa sandoka rehetra ireo, fahatsapana sandoka, karazan-javatra sandoka izay miseho amin'izao andro izao, lazao fa tsy eo izany, minoa ny Tenin'Andriamanitra ary manohiza. Vato manafintohina iray fotsiny izany mba hanakana anareo tsy hahatratra an'ilay tena izy. Marina izany. Manohiza mandroso mihitsy, rankizy. Ny Tenin'Andriamanitra, mihazona Ny Teniny Andriamanitra. Tsy ahoako na firy ireo zavatra sandoka atsipin'ny devoly ao ivelany ao, mbola manana Teny marina iray foana Andriamanitra ary mihazona an'Izany Izy.

123 Abrahama dia niantso ny zavatra rehetra nifanohitra, ho diso. Romana, ny toko faha-4, raha mandray naoty an'izany ianareo. Abrahama dia niantso ny zavatra rehetra nifanohitra tamin'ny Tenin'Andriamanitra, ho toy ny tsy nisy. Marina izany. Nino an'Andriamanitra izy, natanjaka, tsy mampaninona na nalemy toy ny ahoana aza ny vatany, toa tsy azo atao toy ny ahoana izany hoe tsy hitranga izany, nanohy nino an'izany i Abrahama. Ankehitriny, tsy nila nandohalika teo amin'ny alitara izy ka nanao hoe, "Raha tsy tonga izao ankehitriny izao ilay izy, izaho dia hanao. . . Tsy fantatro na hino an'izany aho na tsia." Nijanona tamin'izany nandritry ny dimy amby roapolo taona i Abrahama talohan'ny nahatongavan'izany, saingy tonga teo izany. Tonga foana izany.

124 Abrahama, tonga Isaka; Isaka, tonga i Jakoba; avy tamin'i Jakoba no tonga ireo patriarka; avy tamin'ireo patriarka, dia lasa tany Egypta; tany Egypta, nitombo ho firenena iray. Avy eo rehefa nanao ny Fireneny hitombo Izy, ny Zava-bitany, dia inona no Nataony? Nosarahin'Andriamanitra indray izy ireo. Tsy afaka mandeha miaraka ny tsi-finoana sy ny finoana. Tsia, tompoko. Nosarahany indray izy ireo, ho an'ny Azy Manokana. Inona no Nataony tamin'izy ireo mba hahazoana antoka fa voatarika tsara izy ireo? Henoy tsara ankehitriny, tsy manana fotoana be loatra isika ankehitriny, dimy ambin'ny folo minitra iray hafa angamba. Notarihiny nifanakaiky izy ireo. Diniho, nanangana firenena iray Izy, nametraka azy ireo teo ambanin'ny mpitaiza sy ny sisa. Nokapohina izy ireo ary nitaraina, ary nitaraina sy nanohy. Fa Andriamanitra nijery ambany, nahatsiaro ny teny fikasana tsirairay izay Nomeny an'i Abrahama Izy. Indray andro

Izy—nieritreritra Izy . . . Inona no Nataony tamin'izy ireo? Inona no Nataony rehefa Nosarahany izy ireo? Nomeny lalàna iray izy ireo ary Nomeny mpaminany iray, Nomeny Andry Afo iray izy ireo. Inona no Nataony? (O Andriamanitra!) Nametraka ny Fiangonany tao amin'ny lamina Izy. Andry Afo iray, Fanahy, hitarika azy ireo, mpaminany iray izay hiteny amin'izy ireo ny Fahamarinan'Ny Teniny. Efa vonona ho amin'ilay dia izy ireo tamin'izany. Tsy mahafinaritra ve izany?

125 Nandeha nankany an-efitra izy ireo, nanao famantarana sy fahagagana, nanokatra ny Ranomasina Mena, niantso an'ireo loza avy tany amin'ny helo nidina teo amin'i Farao. Oh, oadray! Andry Afo iray nihetsika teo alohan'izy ireo, amena, nitarika azy ireo tamin'ny alina sy tamin'ny andro. Haleloia! Mpaminany iray, nahatoky tamin'ity Teny ity, nitsangana teo nihazona azy ireo hahitsy. Amena. Vonona ny hitondra an'ireo Zanany Izy tamin'izany. Izany no fotoana voalohany izay hany niantsoana azy ireo ho fiangonana iray. Izany dia tandindona iray an'izay Hataony amin'ny andro farany. Ho tonga eo amin'izany indray isika afaka iray minitra fotsiny. Niantso azy ireo hivoaka Izy, nanome lalàna azy ireo, nanome azy Ny Teniny, ary nanome azy ireo mpaminany iray, nanome azy ireo famantarana iray Izy, ary nandefa azy ireo tany an-efitra Izy. Nanasaraka azy ireo tamin'ny sisa tamin'izao tontolo izao.

126 Inona no nataon'izy ireo? Nahita an'ireo vehivavy tsara tarehy an'i Moaba, fiangonana matimaty iray miaraka amin'ireo andriamanitra sy andriamanibavy ary ny zavatra hafa rehetra. Inona no nataon'izy ireo? Naka azy ireo, nanambady teo anivon'izy ireo. Marina izany, marina tokoa. Heveriko fa tena tsara tarehy marina tokoa ireo vehivavy Moabita kely mahafinaritra ireo.

127 Manana faminaniana iray aho mipetraka any an-trano, ho vakiako izany indray andro any. Ary manontany ianareo hoe nahoana aho no mamely mafy an'ireo vehivavy tahaka ny ataoko. Telopolo taona lasa izay . . . Manana ny HOY NY TOMPO HOE aho! Telopolo taona lasa izay rehefa niditra tao amin'ny asam-panompoana aho, dia niteny tamiko Izy fa ho lasa ratsy fitondran-tena ny karazan'ireo vehivavy ka ho isaina amin'ny andro farany ho ny zavatra maloto indrindra eto an-tany izy ireo. Marina! Nanomboka an'izany izy tamin'ny voalohany ary nampiasa azy i Satana tamin'ny farany. Ary jereo izay mitranga, jereo manerana an'ireo taona. Hoy Izy, "Hanohy hanaboridana ny tenany izy." Ary hoy Izy, "Hisy vondrona vitsy kely fotsiny, an'ilay tena Voafidy izay voatendry mialoha, ho afa-mandositra an'izany."

128 Rehefa tonga io fahitana io, dia nampanahy ahy izany. Nieritreritra aho hoe, "Ireo vehivavy . . . " Namadika aho tao amin'ny Baiboly tao amin'i Isaia, mino aho fa ny toko faha-5, ary Izao no voalaza, "Ilay sampana afa-nandositra tamin'ny . . .

ireo zanakavavin'i Ziona, amin'izany andro izany dia ho tsara tarehy amin'ny Tompo."

129 Nanoratra fanontaniana iray tamiko ny vehivavy iray indray andro, hoy izy hoe, "Ranadahy Branham!" Na, tsia, lehilahy iray ilay izy, mpitoriteny. Mety mitsangana eto izy izao maraina izao. Avy any Ohio izy. Ary hoy izy hoe, "Te-hilaza an'ilay zavatra iray ihany izay lazainao izahay, saingy mahita zavatra izahay ao amin'ny horonam-peonao izay tsy marina." Noho izany dia nentin'i Billy tamiko ilay taratasy. Hoy izy, "Ilay zavatra ao amin'ny horonam-peonao," hoy izy, "dia tena mifanohitra, Rahalahy Branham, amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ary tianay ny—te-hilaza an'ilay zavatra iray ihany izahay." Hoy izy, "Fanontaniana anankiray izay tiako lazaina aminao, izany dia ny Korintiana Voalohany, ny toko faha-11, ary milaza mikasika ny saron-doha izany ho an'ny vehivavy, ary ny lehilahy tsy hanana fisaronana." Hoy izy, "Mino an'izany izahay. Ny vehivavy dia tokony hanao satroka ao am-piangonana, ary ireo lehilahy dia tokony hanala ny satrony ao am-piangonana." Hoy izy, "Mino an'ireo saron-doha izahay, sy ny sisa." Ary hoy izy, "Avy eo ny fanontaniana iray hafa dia hoe manatona anay ny olona ary milaza fa ilay Anjelin'ny Tompo dia miteny aminao ny zavatra rehetra. Ny teny tsirairay izay teneninao dia avy amin'ilay Anjelin'ny Tompo. Ary, Rahalahy Branham, tena sarotra ny miady amin'ny zavatra tahaka an'izany," hoy izy, "ao amin'ny fiangonako." Hoy izy, "Te-hilaza an'ilay zavatra iray ihany izahay. Ankehitriny, Rahalahy Branham, tsy mino ve ianao fa diso kely ianao eo?"

130 Nanoratra namaly aho hoe, "Ry rahalahiko sarobidy, tsy diso aho. Ny Korintiana Voalohany, ny toko faha-11, dia nilaza fa tokony hanana ny lohany misarona ny vehivavy, ary nahoana. Avy eo ny andininy faha-15 dia nilaza fa ny volony lava no nomena azy ho fisaronana, fa tsy satroka iray." Io fanahy Katolika io dia nanapaka ny fiangonana ela be. Ny volony lava no fisaronany. Tsy ny natiora izy tenany ve...

131 Ary jereo, ary avy eo dia niverina ilay fanontaniana, nanontany ahy ny olona iray fotoana vitsy lasa izay... Hazavaiko izany raha mbola eo amin'izany aho. Hoy izy hoe, "Eny, nilaza ny Baiboly fa tokony hanana volo lava izy nohon'ny anjely. Inona no idiran'ny anjely amin'ny vehivavy iray?"

132 Hoy aho hoe, "Inona ny anjely iray? Iraka iray izany." Inona no lazain'i Paoly? Raha iraka marina iray, anjely avy amin'Andriamanitra no tonga, dia tsaratsara kokoa aminareo ny manana volo lava. Hanameloka an'ilay zavatra izy. Marina izany. Firy no manana...mahafantatra fa ny anjely iray dia iraka iray? Marina tokoa. Ny iraka iray nirahina avy amin'Andriamanitra dia hanameloka an'izany. Hoy izy, "Tsaratsara kokoa aminareo ny manana volo lava, nohon'ny anjely." Tonga ireo iraka nirahina avy amin'Andriamanitra

ireo, hanameloka an'io zavatra io. Eny, tokoa, satria, ny tena iraka iray avy amin'Andriamanitra, anjely iray dia mifandray amin'Andriamanitra, ary tsy mety diso Ny Teniny. Marina tokoa izany. Nilaza i Masindahy Paoly eo, fa raha Anjely iray avy any An-danitra aza no tonga nampianatra zavatra hafa, dia aoka izy ho voaozona. Marina izany. Ankehitriny dia hitantsika fa marina izany, tokony hanana volo lava izy, izany no fisaronany.

133 Nefa heveriko fa tena tsara tarehy ireo vehivavy Moabita mahafinaritra ireo, mety ho efa voamboatra tsara izy ireo tahaka ny sasany amin'ireo Jezebela moderina an'izao andro izao. Saingy, kanefa, tsy ny vehivavy rehetra! Heveriko fa ny vehivavy iray tena izy dia firavaka iray. Deraina Andriamanitra ny amin'ny tena vehivavy iray. Mpanompovavin'Andriamanitra ianareo. Fa ny tena vehivavy iray dia tahaka ny tena lehilahy iray, hanaraka ny Tenin'Andriamanitra izy ireo tsy mampaninona izay lazain'ny devoly, na zavatra sandoka rehetra.

134 Ary hoy ianareo, "Nilaza ny pasiteranay fa mety tsara ny manao an'*ity*." Tsy ahoako izay nolazain'ny pasiteranareo. Raha mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra izany, dia aoka ny teniny ho lainga, fa tandremo ny Tenin'Andriamanitra. Aza miraharaha hoe anaram-piangonana inona ilay izy na inona izy, raha manana zavatra ho lazaina mikasika an'izany izy, dia teneno izy mba hijery ny Tenin'Andriamanitra. Marina tokoa.

135 Oh, toy ny ahoana no ahafahantsika manohy ka mahita an'Andriamanitra manasaraka azy ireo. Tsy maintsy mijanona iray minitra fotsiny isika. Manana Soratra vitsivitsy aho eto ka tiako dinganina fotsiny izany, mba hahazoana, handeha haingana mba ahatongavana hatrany amin'ny farany. Noho izany rehefa . . . inona no nitranga rehefa niseho Izy tany, rehefa ireo vehivavy Moabita? Tsy maintsy nanasaraka azy ireo indray Andriamanitra. Inona no Nataony?

136 Avy eo dia tonga Jesosy. Ankehitriny eo no ahatongavantsika any ho any. Avy eo dia tonga Jesosy, ilay endrik'Andriamanitra voaseho, ilay taranaky ny vehivavy, notorotoronin'Andriamanitra Izy tenany. Nanorina vatana iray ho an'ny Tenany ilay Tompomarika lehibe. Tsy nila nindrana hazo iray avy tamin'ny olona iray Izy, avy tamin'ny vehivavy na lehilahy. Nanorina trano iray ho an'ny Tenany Izy. Oh, oadray!

137 Mieritreritra an'i Stefana aho tamin'io andro nitsanganany io, nanao hoe, "Ianareo tsy voafora fo sy sofina, ianareo mafy hatoka. Manohitra ny Fanahy Masina foana ianareo. Tahaka ny nataon'ny razanareo, dia toy izany koa no ataonareo!" Hoy izy, "Nanorina trano iray ho Azy i Solomona, kanefa tsy mipetraka ao amin'ny trano nataon-tànana ny Avo Indrindra, fa vatana iray no Namboarinao."

138 Tsy nila nindrana hazo na taiza na taiza. Hebreo, toko faha-11, mino aho fa ny andininy faha-2 na faha-3, dia milaza fa “Ny Tenin’Andriamanitra no nanaovana an’izao tontolo izao, tsy ireo zavatra izay miseho no nanaovana an’ireo zavatra.” Nilaza fotsiny Andriamanitra hoe, “Aoka hisy,” dia nisy. Tsy nila nandeha teo Izy ka nanao hoe, “Atoa. Volana, hampisambotra Ahy hazo kely ve ianao? Atoa. Kintana, avelanao hanana kalsioma vitsivitsy ve Aho?” Tsy manao an’izany Andriamanitra.

139 Tsy nila nilaza Izy hoe, “Maria, ampisambory atody iray Aho, te-hanao vatana Aho mba Ahafahako hitoetra ao anatin’izany.” Niteny Andriamanitra ilay Mpamorona, ary reny iray izy teo no ho eo. Tsy reny iray izy, vehivavy iray fotsiny nitondra Ny Taranany izy. Marina izany. Tsarovy, fa tsy renin’i Jesosy izy. Izao tontolo izao no nilaza an’izany. Itadiavo toerana iray aho ao amin’ny Soratra izay hany Niantsoany azy hoe reny. Ankehitriny miverena amin’ny Teny. “Renin’Andriamanitra,” mbà menatra ianareo. Hitanareo?

140 Indray andro dia nisy olona vitsivitsy nilaza Taminy, nanao hoe, “Mitady Anao ao ivelany ao ny Reninao.”

141 Hoy Izy hoe, “Iza no Reniko?” Nijery an’ireo Mpianany, nanao hoe, “Ireo izay manao ny sitrapon’Ny Raiko no Reniko.”

142 Tsy Reniny izy, fikotrehana iray izy. Afaka nampiasa zavatra hafa Andriamanitra, saingy Tiany ny haka an’ilay tena ambany indrindra ka hampiseho an’izay Azony atao amin’izany. Manangana an’izany, manao zavatra avy amin’ny tsinontsinona, izany Andriamanitra.

143 Tonga ilay sary voaseho, Jesosy, ilay Anankiray madio, ilay Anankiray maha-te-ho tia, ilay tsara tarehy indrindra amin’ireo an’aliny, ilay Lisin’ny Lohasaha, ilay Raozin’i Sarona, oh, ilay Kintan’ny Maraina. Inona Izy? Ho an’ny inona no Nahatongavany? Henoy tsara ankehitriny. Mba hanorina indray ny firaisana eo amin’Andriamanitra sy ny olona. Oh, hitanareo ve izany, rahalahy?

144 Tsy nety ireo tilikambon’ny Babelan’izy rehetra ireo sy ireo zavany hafa rehetra tany aoriana tany. Tsy nahafaly an’Andriamanitra ireo voankazon’ny sahany rehetra sy ny zavatra hafa rehetra. Noho izany dia nidina Andriamanitra ka notorontoronina tao an-kibon’ny vehivavy iray, tamin’ny alàlan’Ny Tenany Manokana, nanao vatana iray ho an’ny Tenany, ary lasa Imanoela, Andriamanitra miaraka amintsika; tsy Jiosy na Jentilisa, fa Andriamanitra. Tsy Jiosy Izy, tsy Jentilisa Izy, Andriamanitra Izy. Ary ny Jentilisa dia nisy vidiny lehibe tokoa ho Azy tamin’ny fotoana rehetra, fa niezaka fotsiny Izy nanasaraka ny Jiosy ho firenena iray. Niezaka nanao ny zavatra rehetra Izy mba hamerenana an’izany, ary ny fomba tokana Nahafahany nanorina an’izany dia ny niverina any amin’ny isam-batan’olona iray tahaka Azy tany

amin'ny voalohany. Tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao, any amin'ny isam-batan'olona iray. Tsy any amin'ny anaram-piangonana iray, tsy any amin'ny rafi-pandaminana iray, tsy any amin'ny vondron'olona iray; fa any amin'ny isam-batan'olona iray. Mariho, mba hanorina indray ny firaisana eo amin'Andriamanitra sy ny olona.

145 Izy no tena fanatitra nohon'ny ota. Ny ondry, osy, sy ny sisa, dia tsy afaka nanaisotra ny fahotana mihitsy. Fa ny aina... Satria rehefa vonoina ilay fanatitra ka ny ain'ny zanak'ondry iray, ilay zavatra tsy manan-tsiny indrindra, dia tsy afaka miverina, io aina io, eo amin'ilay mpino, satria olombelona iray izy, miaraka amin'ny fanahy iray, nefa ilay ondry tsy manana fanahy.

146 Hitanareo, tsy misy na inona na inona manana fanahy afa-tsy ny olona. Andriamanitra no nametraka...Endriky ny biby iray izy, marina izany, saingy nametraka fanahy iray teo aminy Izy. Izany no nanao azy ho samihafa tamin'ny biby. Nahafantatra ny tsara sy ny ratsy izy rehefa tonga teo aminy ny fanahiny. Fa izy...Tsarovy rehefa namorona ny olona araka ny Endriny Manokana Andriamanitra, ary avy eo dia lasa fanahy velona izy. Hitanareo, lasa izany izy, nahafantatra ny tsara sy ny ratsy.

147 Mariho ankehitriny. Fa ankehitriny, ao amin'izany, dia tonga Jesosy ary Andriamanitra Izy. Tsy hoe ny ain'olona iray hafa fotsiny ihany no afaka miverina amin'ny olona iray hafa, fa ilay tena Ain'Andriamanitra mihitsy, manao azy ho zanak'Andriamanitra, namerina azy tao amin'ilay firaisana iray ihany izay nisy azy talohan'ny fahalavoana. Ankehitriny dia manana an'ilay tena firaisana isika.

148 Ireo olona, hoy ny olona iray tamiko hoe, "Rahalahy Branham, tsy an'ny tokana ve ianao?" Tsy ilay rafi-pandaminana an'ny Tokana. Fa an'ny tokana miaraka amin'i Kristy aho, hitanareo, fa tsy ilay rafi-pandaminana an'ny Tokana.

149 Izy no nandoa ny trosan'ny fahotana. Ankehitriny, mba hananana firaisana eo amin'Andriamanitra sy ny olona, dia tsy afaka nanao an'izany Jesosy raha mbola teto foana Izy tao amin'ny vatan'ny nofo iray. Noho izany dia tsy maintsy lasa fanatitra nohon'ny ota tanteraka Izy mba hanaisotra ny heloky ny mpino, hitanareo, manaisotra an'izany mba ahafahan'ny Fanahy Masina miditra ao amin'ny olona, ary manao ny olona sy Andriamanitra ho firaisana iray indray. Hitanareo, tsy maintsy nisy zavatra naorina indray.

150 Ankehitriny, inona no azo naorina indray? Rehefa tanteraka ny didin'Andriamanitra. Mety nanatanteraka an'izany ve ny Anjely iray? Tsy manana rà Izy. Afaka nanatanteraka an'izany ve Andriamanitra? Tsy nanana rà Izy. Fa lasa nofo sy rà Andriamanitra mba Ahafahany mandoa tsara ny trosa sy

manaisotra ny fahotana, satria izany no làlana tokana. Ireo tilikambon'i Babela izay mampisaraka azy ireo nanerana ny tany, ny zavatra hafa rehetra, ireo rafi-pandaminana sy ny sisa dia tsy nahomby tamin'ny lafiny rehetra, lasa mifangaro miaraka izy ireo, izao tontolo izao sy ny zavatra hafa rehetra, saingy ho fisarahana tanteraka iray izany. Voninahitra!

151 Mahatsapa ho mpivavaka aho ankehitriny. Eny, mahatsapa ho toy ny afaka haka ny lahateniko aho ankehitriny ka hanomboka hitory teny izao ankehitriny izao. Lasa mafana fotsiny ankehitriny ho eo amin'izay ahafahako hanomboka eto mihitsy, nefa izao no fotoana hijanonako. Ahm! Angamba hovitaiko izany any aoriana indray andro any, ny firaisan'Andriamanitra sy ny olona. Azonareo ve? Izay rehetra mahazo, manaova "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

152 Hitanareo, izany no fomba tokana ahafahan'ny olona miverina amin'ny toerany tany am-boalohany, dia ny nahavoaloa an'io sazin'ny fahotana io. Inona no sazin'ny fahotana? Fahafatesana. "Fahafatesana no tambin'ny ota." Ary hoy Andriamanitra hoe, "Ny andro ihinananao azy, ny andro anaovanao an'io raharaha io, izany no andro hahafatesanao." Ary rehefa vita izany, dia izany no nandrava ny fifandraisany, ny fiombonany ary ny zavatra rehetra ho an'ny olona, ary tsy afaka niverina intsony raha tsy voaloa io sazy io. Ary tsy nisy olona mendrika handoa an'izany, satria lavo niaraka tamin'ny olombelona ny tsirairay avy, satria ny zava-boahary rehetra dia eo ambanin'ny olombelona, nefa lavo izy. Voninahitra! Oh, rahalahy!

153 Rahalahy Mac, tsy nahita anao nipetraka teo aho, Andriamanitra hitahy anao. Mino an'izany isika, Rahalahy Mac. "Tonga eo ambanin'ny sazin'ny fahafatesana." Rahalahy Mac eto no pasitera teto amin'ny tabernakla taloha rehefa lasa aho. Hia. Ankehitriny, Batista antitra tsara iray hafa, Misionera Batista eo izay manana ny Fanahy Masina. Hitanareo? Mariho ankehitriny, lasa ao amin'ny firaisana amin'Andriamanitra.

154 Ankehitriny, rehefa mahita an'izany isika, dia jereo fa tsy maintsy voaloa ilay sazy, ary raiso naoty, ny endrika ambony indrindra an'ny fiainam-biby dia olombelona iray, ary lavo ny olombelona, ny tenany. Noho izany dia ahoana no ahafahan'ny olombelona iray mamonjy ny iray hafa? Nila an'Andriamanitra izany. Ary Andriamanitra, ao amin'ny Fanahy, dia tsy mety maty. Noho izany, "Tsy maintsy nitondra ny Tenany ambany kely noho ireo Anjely Andriamanitra," Hebreo ny toko faha-1, ny andininy faha-1. Tsy maintsy nanao ny Tenany ho ambany noho ireo Anjely mba handray ny fahafatesana, handoa ny sazy, mba hitondra ny firaisana eo amin'ny olona sy Andriamanitra indray, mba ahafahan'ny Fanahy Masina hiverina.

155 Voaloa ny trosan'ny fahotana. Tsy maintsy nanao an'izany Jesosy mba handefa ny—ny—ny Fanahy Masina hiverina, mba hampiray ny olona indray tahaka ny tao amin'ny sahan'i Edena. Voaloa ny trosa rehefa maty i Jesosy. Nilamina hatreo izany. Amena, rahalahy! Raha afaka hanao an'izany hilentika fotsiny mantsy aho, hitanareo. Voaloa ny trosa. Haleloia ho an'ny Zanak'ondry! Voaloa ny trosa. Ary ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra izay mihaino ahy izao maraina izao, na hihaino ahy amin'ny alàlan'ny horonam-peo, voaloa ny sazinareo. Aza tsy mino ny Tenin'Andriamanitra indray. Miverena amin'ny Teny! Aza mino fa izany. . . Izy no Teny. Voninahitra! Mahatsapa tehihiakiaka aho, mahatsapa an-kitsim-po aho. Voaloa ny sazy. Tapitra ny rehetra. Tsy mahagaga raha niantsoantso sy nihira ireo Anjely, naneno ireo anteman'ny Lanitra. Eny, tompoko, hita ilay ondry very! Vita ny fanavotana iray mba hamerenana azy indray, ireo ranon'ny fampisarahana, ny Tenin'Andriamanitra izay nanasa azy ho afaka amin'ny helony, rehefa maty teo amin'ny toerako ny Teny ka nitsangana indray ary lasa lehibe ao amin'ny fiainako, tao am-poko. Amena. Voaloa ny sazy! Tapitra ilay izy. Navotana isika.

156 Tsy amin'ny alàlan'ny fiangonana Katolika iray; na dia katolika marina aza isika, ilay katolika apostolika. Eny, tompoko. Tsy Katolika Romana miaraka amin'ny dogmany, mandà an'ity Teny ity amin'ny dogmany izy ireo; ny zavatra rehetra dia ny dogmanareo, fa tsy ny Teny. Metodista, Batista, mbà menatra ianareo, tia heloka mihoatra noho ny fitiavana an'Andriamanitra. Tia fahafinaretana, mpikatsaka an'izao tontolo izao, fahafinaretana, kisoa vonoina ao anaty fefy. Mandefa ny fitaovany eo ny devoly manakenda an'io zavatra io ao aminareo tahaka ny nataon'i Satana tao amin'ny sahan'i Edena. "Eny, manana fianarana ny mpitoriteninay rehetra. Izy ireo manana ny Ph.D., LL.D." Tsy midika na inona na inona izany. Ny mandà an'ity Teny ity, mbola fitaky ny devoly foana izany. Noporofoiko taminareo tamin'ny alàlan'ny Teny izany izao maraina izao, miankina aminareo izany manomboka izao.

157 Ireo mpianatra, nandeha niaraka tamin'i Jesosy mihitsy aza, tsy nanana firaisana izy ireo. Tsy nanana firaisana mihitsy izy ireo. Tsia, niady hevitra izy ireo hoe, "Iza no ho eveka aorian'izao. Iza no lehibe indrindra eo anivontsika?" Tsy afaka nino an'i Jesosy akory aza izy ireo. Tsy nety nahazo Azy izy ireo. "Miteny amin'ny ankamantatra Ianao. Teneno aminay mazava mihitsy izay Tianao lazaina." Tsy nisy firaisana teo amin'i Jesosy sy ireo mpianany, na ireo mpianatra tamin'i Jesosy, ary teo anivon'ireo samy mpianatra.

158 Tsy mampaninona, izany no haneho aminareo, rahalahy. Henoy tsara ankehitriny, tiako hiraikitra tena lalina ao amponareo ity. Hitanareo? Manana drafitra iray Andriamanitra. Ny any ivelan'io drafitra io, tsy ahoako na firy ny fahendrena

ao ambadik'izany, tranobe tsara tarehy an-tapitrisa dolara firy, sekolin'ny teolojia firy, lehilahy masina firy sy *ity* masina firy, ary masina, masina, masina, tsy manao fahasamihafana mihitsy izany, raha lavina ny Teny anankiray an'ny Baibolin'Andriamanitra, dia avy amin'ny devoly izany. Ankehitriny, efa noporofoiko taminareo izany tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra voasoratra, manomboka amin'ny Testamenta Vaovao ka hatramin'ny Taloha, ary hitondra azy hatrany amin'ilay andro aho, raha hipetraka miaraka amiko minitra vitsy fotsiny ianareo.

159 Ireo mpianatra izay nandeha nifampitantana tamin'i Jesosy, natory niaraka Taminy, nihinana niaraka Taminy, nandinika an'ireo Fahagagany, ary niara-niasa Taminy, akaiky arak'izay mety hisy ny rahalahy rehetra, kanefa tsy nanana an'izany izy ireo. Tsy mendrika hitory ny Filazantsara izy ireo. Hoy Jesosy hoe, "Aza mitory intsony ianareo, aza manandrana akory aza. Miandrasa any an-tanànan'i Jerosalema ianareo. Handefa an'ilay teny fikasana Aho, izay efa nomena anareo, eo aminareo. Hampiray anareo izany amin'izany fotoana izany."

160 "Ankehitriny, Ray, mivavaka Aho mba ho iray ihany izy ireo tahaka ny maha-Iray Ahy sy Ianao. Ary Izaho. . . " "Tahaka ny nanirahan'Ny Raiko Ahy hitory ny Filazantsara, dia toy izany koa no Anirahako anareo."

161 Ary ilay tena Ray izay naniraka ny Zanaka mihitsy, no tonga tao amin'ny Zanaka. Firaisana ho Anankiray. Hoy Izy hoe, "Raha tsy manao an'ireo asan'Ny Raiko Aho, amin'izay fotoana izay dia aza mino Ahy. Fa raha miteny tena mafy ireo Asako izay Ataoko, dia marenina tanteraka ianareo, moana ary jamba raha tsy mahita an'izany." Oh, rahalahy, fioo! Hoy Izy, "Ianareo mpihatsaravelatsihy! Afaka mamantatra ny tarehin'ny lanitra ianareo, fa tsy afaka mamantatra an'ireo famantaran'ny fotoana. Raha nahafantatra Ahy ianareo, dia ho nahafantatra ny Androko. Tsara ny nitenenan'i Isaia mikasika anareo. Manantsofina ianareo, nefa tena marenina ka tsy afaka mandre. Maso, nefa tena jamba ka tsy afaka mahita!"

162 Tsara ny nilazan'i Paoly Apostoly hoe, "Amin'ny andro farany dia hanana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra izy ireo nefa handà ny Heriny," ary Soratra aorian'ny Soratra, an'izay hiseho ao amin'ireo rafipandaminana ireo amin'ny andro farany. Avy eo dia manontany izy ireo hoe nahoana aho no miantsoantso manohitra an'io rafitry ny devoly nataon'olona io. Mahita an'ireo ankizy sarobidy voafitaka any ireo tahaka ny ondry mandeha mankany amin'ny mpamono. Avoahy izy ireo, Tompo!

163 Eny, tsy nanana firaisana ireo mpianatra. Tsy nety nahazo an'i Jesosy izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Ah, iza no afaka hahazo an'ireo zavatra ireo?" Hitanareo, tsy mbola tao anatin'izy

ireo Andriamanitra. Niara-niasa tao amin'ny fiombonana fotsiny izy ireo. Niara-niasa Taminy fotsiny izy ireo. Misy olona tsara maro amin'izao andro izao. Tsy nisotro izy ireo, nandainga, nangalatra, na inona na inona, saingy tsy nanana an'io firaisan'Andriamanitra io izy ireo. Mbola tsy iray tamin'Andriamanitra izy ireo. Hitanareo, tsy afaka izy ireo. Oh, nanao fahagagana izy ireo. Namoaka devoly izy ireo. Tsy izany no—tsy izany no . . .

164 Namaky lahatsoratra iray aho tao amin'ny gazety indray andro mikasika an'izany, mikasika ny famoahana devoly. Hoy ny olona hoe, "Oh, rahalahy, teneniko aminao, izany ilay izy." Tsy izany ilay izy! Ny olona iray izay mamoaka devoly nefa mandà ny Tenin'Andriamanitra, dia mpandainga iray. Eny, tompoko. Milaza izy fa izy no mandroaka devoly. Mihambo izy ireo fa izy ireo no manao an'izany. Tsy afaka manao an'izany izy raha tsy miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra. Jesosy no niteny an'izany.

165 Ankehitriny, avy eo dia tonga ny Pentekosta, nanao azy ireo ho iray indray Andriamanitra. Oh, oadray! Tamin'izay fotoana izay vao nanana firaisana tamin'Andriamanitra izy ireo. Tao anatin'izy ireo Andriamanitra. Ankehitriny, Asa, raha mandray naoty an'izany ianareo, Asa 4:32, ny Baiboly dia nilaza fa "Iray fo, iray fanahy, ary iray saina izy ireo." Oh, rahalahy. Nahoana? Efa naverina tamin'ilay tany am-piandohana indray izy ireo. Ny zavatra tokana izay tavela mba harian'izy ireo dia tanàna tranainy iray, na nipetrahan'izy ireo teto, vatana tranainy iray antsoina hoe tanàna iray na tempoly iray, izay nipetrahan'izy ireo teto, izay tsy maintsy lò, satria tsy maintsy maty sy lò izany. Fa tao amin'ny fanahy sy ny fiainana, ary tao amin'ny tanjona sy tao amin'ny fijery, ary ny zavatra rehetra, dia iray tamin'Andriamanitra izy ireo.

166 Oh, Adama, ry sakaizako kivy, aza avela hiteny ny laingany aminao indray i Satana. Aza avela hitranga izany. Aza avela hiteny aminao i Satana fa ny Teny dia tsy midika fotsiny an'izay Lazainy. Marina izany. Ny Teny dia midika . . . Hia, eto tsy . . .

167 Niresaka mikasika ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho. Marina izany, tonga ny fanambarana an'izany. Izany no Fahamarinana. Fa inona no nataon'ny andian'olona iray? Nanangona an'izany teto mihitsy ary namoaka anaram-piangonana iray avy amin'izany, nanao tilikambon'i Babela iray hafa. Ilay zavatra iray ihany, nanipy an'izany tao anatiny. Izany tokoa. Nanao an'ilay zavatra iray ihany i Luther. Nanao an'ilay zavatra iray ihany i Wesley, nanao an'ilay zavatra iray ihany i John Smith, nanao an'ilay zavatra iray ihany i Alexander Campbell. Nanao an'ilay zavatra iray ihany ny Pentekosta. Mifanaraka amin'ny isam-batan'olona izay mitandrina Ny Teniny Andriamanitra. Ny drafitr'Andriamanitra tokana hitondrana ny mpino ho eo Aminy, ao amin'ny firaisana

marina iray, dia ny fandraisana ny Fanahy Masina. Noho izany dia ity ny hoe ahoana no . . .

168 Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Nihiakiaka aho. Nanao an'*ity* aho." Raha mbola manana an'io karazana fanahy io foana ianareo nefa mandà ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy manana ny Tenin'Andriamanitra ao anatinareo ianareo, tsy manana ny Fanahy ianareo. Raha hipetraka ianareo ka hihaino ny Fahamarinana voatory, ary hijery an'Izany ao amin'ny Baiboly ka hahita fa Izany no Fahamarinana, nefa avy eo dia mandà tsy hanao an'izany, dia tsy ny Fanahin'Andriamanitra izany. Tsy ahoako na impiry ianareo no niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, impiry ianareo no nihiakiaka, fiangonana firy no nikambananareo, na impiry ianareo no natao batisa, na zavatra hafa. Ny Teny no Fahamarinana. Izany no manamarina ny fahamarinana. Raha manana an'ireo fahamarinana hafa rehetra ireo ianareo ary avy eo miaraka amin'ny Teny, amena, amin'izay fotoana izay dia fantatrareo fa tonga ao an-trano ianareo.

169 Afaka . . . ahoana no ahafahan'ilay tena Andriamanitra izay nanoratra ny Baiboly mihitsy hihodina ka hanolo zavatra hafa ho an'Ny Teniny? Ianareo Katolika izay nilaza fa nalevina tao amin'ny fiangonanareo i Petera, ary ny fanahiny no manome anareo ny zò hamela fahotana sy ny sisa, ahoana no nahafahan'i Petera, Jiosy iray, hany hitsangana mba hanana sampy tao amin'ny fiangonana? Ahoana no ahafahan'i Petera hany handà ny hilaza fa tonga ny batisan'ny Fanahy Masina, nefa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy, ary ireo zavatra mahery rehetra izay nataony, ary hihodina ka hilaza hoe raiso ny hostia iray, fa ao anatin'io hostia io Andriamanitra? Oh, tsy fahalalana izany, tsy fahalalana ara-panahy!

170 Eny, ankehitriny, ianareo Protestanta dia ilay zavatra iray ihany, mandroso ka mandray tànana an'ilay mpitory teny, ary manao hoe, "Manaiky an'i Jesosy ho Mpamonjiko manokana aho," nefa miverina ka miaina karazana fiainana iray ivelan'izany, ary mandeha manohy mihitsy miaina miaraka amin'izao tontolo izao. Tilikambon'i Babela iray hafa.

171 Tonga eo amin'ny farany isika ankehitriny. Diniho. Nandefa ny Fanahy Masina Andriamanitra, ary ny Fanahy Masina dia Andriamanitra Izy tenany. Izy no ilay Anankiray izay hanao ny firaisana eo amin'Andriamanitra sy ny olona. Ndao jerentsika. Ankehitriny ndao isika. Ankehitriny dia mila ny fifantohanareo tsy voazarazara aho mandritr'ireo dimy minitra manaraka. Diniho.

172 Ny olona teo ambanin'ny drafitry ny devoly dia niezaka nanao ny fiangonana ho anaram-piangonana tao amin'ny firaisana. Niezaka izy ireo nanao anar- . . . nampianatra ny fiangonana tao amin'ny firaisana, fantatrareo izany, tamin'ny

alàlan'ny fianarana, tamin'ny alàlan'ny anaram-piangonana. Miezaka izy ireo izao ankehitriny izao, ilay Fiombonamben'ny Fiangonana Maneran-tany, manohy miezaka ny hitondra an'ireo Katolika sy Protestanta rehetra miaraka ka hanao azy ireo ho anankiray. Inona izany? Drafitry ny devoly!

173 Hoy ianareo hoe, "Tena kely ianao mba hilaza an'izany." Tena kely aho, saingy ny Tenin'Andriamanitro dia goavana be, hoteneniko aminareo izany. Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Izany tsy ho levona. Tsy izy no milaza an'izany, fa Izy no—Izy no—Izy no nilaza an'izany voalohany. Milaza an'izay Nolazainy fotsiny aho, miaiky Ny Teniny aho.

174 Eo ambanin'ny devoly izany! Voaporofo ao amin'ny Teny eto izany, izao maraina izao mihitsy eo anatrehanareo, hoe avy amin'ny devoly izany. Izany ny tsirairay amin'ireo rafipandaminana ireo. Ireo olona, eo ambanin'ny drafitry ny devoly, dia miezaka ny manao ny olona ho anaram-piangonana amin'ny firaisana.

175 "Ianareo rehetra tongava mikambana amin'ny Assemblées de Dieu. Mikambàna amin'ny an'ny Tokana. Mikambàna amin'ny Fiangonan'Andriamanitra. Mikambàna amin'ny Metodista. Iray isika rehetra." Ianareo andiana mpihatsaravelatsihy, manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra nefa mandà ny Heriny. Ary nahetsiketsika teo anoloanareo mihitsy ny Tenin'Andriamanitra, nefa matahotra ny hanafika an'Izany ianareo. Nahoana àry Andriamanitra no tsy maneho ny Tenany, raha miaraka amin'Andriamanitra ianareo? Nahoana ianareo no tsy manao an'ireo asan'Andriamanitra? Ahoana no ahafahanareo manana an'izany endrika izany, nefa mandeha ary mandà Azy, miantso an'ireo tena asan'Andriamanitra mihitsy ho Belzeboba aza? Izany no maneho, ianareo andiana mambram-piangonana nianatra! Hoy Jesosy hoe, "Ianareo dia avy amin'ny rainareo, ny devoly!" Marina! Azoko antoka fa azonareo izay tiako lazaina. Izany tokoa. Nahoana no tsy manafika an'Izany ny olona iray? Fantatrareo fa Andriamanitra no ao ambadik'Izany. Hihetsika amin'Ny Teniny Andriamanitra.

176 Manao an'izany ny olona, manorina tilikambon'i Babela iray hafa izy. Inona no ataony? Miezaka maneho izy ireo. . .Jereo ao amin'io Fiombonamben'ny Fiangonana Maneran-tany io ankehitriny. Ny Anglikana, ny Katolika Romana, ny Metodista, ny Presbyterana, ireo Pentekotista, ary izy rehetra dia miray miaraka, Ny Siansa Kristiana, ary ny maro amin'ireo sekta izay mandà ny fahaterahana ara-virijiny mihitsy aza, izay mandà ny maha-Andriamanitra an'i Jesosy, manao Azy ho olona telo, miezaka mivavaka amin'ny andriamanitra telo, mandà ny fahaterahana ara-virijiny. Ny sasany amin'izy ireo dia mandà ny Rà. Ny sasany amin'izy ireo dia mandà an'ireo Fahagagany. Manao an'izany izy rehetra ireo, saiky. Nefa avy eo—avy eo

dia miezaka mampiray tahaka an'izany miaraka, ahoana no ahafahanareo manao an'izany? Tilikambo iray nataon'olona izany. Hianjera tahaka ny nianjeran'i Babela izany.

177 Fa hoy Andriamanitra hoe, "Tsy amin-kery, tsy amin'ny fahatanjahana; fa amin'Ny Fanahiko, hoy ny Tompo. Tahaka an'izany no Hampiraisako Ny Fiangonako. Tsy amin'ny alàlan'ny rafi-pandaminana, tsy amin'ny alàlan'ny fianarana, tsy amin'ny alàlan'ireo teolojiana; fa amin'Ny Fanahiko, hoy ny Tompo, no Hitondrako ny Ondriko miaraka." Oh, oadray! Ary rehefa manao an'izany Izy, dia inona no mitranga? Ary ireo Famantarany dia hanambara an'ilay zavatra iray ihany. Tahaka an'izany no nahafahan'ny Isiraely nilaza, talohan'ny nifangaroan'izy ireo tamin'i Moaba. Nisy Andry Afo iray teo ambonin'izy ireo. Eny, tompoko. Inona no Hataony? Hanambara Izy, an'ilay karazana fanambarana iray ihany. Fa rehefa nisaraka izy ireo ary tahaka an'izany tamin'Andriamanitra, nampisaraka ny firaisany teo amin'izy ireo sy Andriamanitra, ka niditra niaraka tamin'i Moaba sy izy ireo, dia tsy nahomby ny fandresena rehetra. Nijanona tany an-efitra nandritra ny efapolo taona amboniny izy ireo, mandra-panangan'Andriamanitra vondrona iray hafa mba handeha sy hanatanteraka ny Drafiny. Izany marina tokoa no nataon'izy ireo.

178 Jereo ankehitriny. Fa rehefa manakambana fiangonana iray amin'Ny Fanahiny Andriamanitra, dia hanana ny Famantarany an'ilay Andriamanitra velona izy ireo eo anivon'izy ireo. Karazana famantarana inona? Rehefa nanasaraka an'i Isiraely tamin'i Egypta Andriamanitra, dia nomen'Andriamanitra famantarana iray an'ny Andry Afo i Mosesy sy Isiraely. Marina ve izany? Mpaminany iray. Rehefa nanasaraka an'i Abrahama tamin'i Lota Izy, dia nisy Anjely iray nanatona azy, izay afaka namantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo. Famantarana! Haleloia.

179 Ankehitriny ireto anaram-piangonana ireto izay tratra tao amin'io fiangonana io, dia miezaka ny hanao firaisana iray tahaka ny tany Egypta, tahaka ny tany—tany Edena, sy ny sisa, eo ambanin'io fitaomana lehibe izay misy azy ireo io.

180 Fa, jereo, te-hanontany zavatra aminareo aho. Rehefa nosarahin'Andriamanitra ny Isiraely, dia Nomeny famantarana iray Ivelan'ny voajanahary izy ireo, Andry Afo iray. Nomeny mpaminany iray izy ireo. Inona no Nataony tamin'i Abrahama? Inona no Ataony isan'andro? Anehoy mpaminany iray voatendrin'Andriamanitra eo anivon'izy ireo aho. Nametraka ny Fiangonany niaraka Izy tamin'ny alàlan'ireo apostoly sy mpaminany sy mpampianatra ary evanjelista. Haleloia! Eo ianareo izao. Fiangonana iray, indray, tahaka ny Niantsoany an'i Isiraely hivoaka. Niteny taminareo aho fa hiverina eo amin'izany aho. Eny, tompoko.

181 Tsy nisy mpaminany voatendrin'Andriamanitra teo anivon'izy ireo, tsia, tompoko, tahaka azy ireo tamin'ny Isiraely sy izy ireo. Inona izany? Tilikambon'ny devoly indray.

182 Ankehitriny, tena akaiky ny Fihaviana, ny Fihavian'i Jesosy Faharoa, eo am-panangonana Ny Voafidiny miaraka Izy. Mino an'izany aho. Oh, ho tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo. Izay misy ny faty, no hiangonan'ny voromahery. Oh, oadray, inona izany? Manana ny Firaisany Izy, ny Firaisany marina, maneho ny Tenany eo anivon'izy ireo; avy amin'ny anaram-piangonana rehetra, mitondra Ny Voafidiny avy amin'ny karazana fiangonana rehetra, avy hatraiza hatraiza, mamoaka an'ireo Zanany, milahatra tsara amin'Ny Teniny. Inona?

183 Ankehitriny, tena akaiky ny Fihavian'ny Tompo Jesosy, ny fihavian'ny fitsarana, miantso Ny Voafidiny miaraka ao amin'ny Firaisana amin'ny Tenany Izy, miaraka amin'ilay karazana asa fanompoana iray ihany izay Nananany. Fantatrareo hoe ahoana no nandaminako an'ireo Taom-Piangonana, teto vao tsy ela akory izay, mikasika an'ilay—ilay tilikambo lehibe naorina, nantsoina hoe ny pyramida, nefa tsy napetraka teo ambonin'izany mihitsy ilay vatotendro. Tsarovy hoe ahoana no nahatongavan'ireo Loterana, avy eo ireo Wesley tao amin'ny havitsiana, ary avy eo hatrany amin'ny Pentekosta. Ary ankehitriny izay Ataony, miantso avy amin'izany. Inona no Nataony? Niantso ny Voafidy Izy, mba hanao ny Loterana; niantso ny Voafidy Izy, avy amin'ny Loterana, mba hanao ny Wesleyana; niantso ny Voafidy Izy, avy amin'izany, mba hanao ny Pentekotista; ankehitriny Izy dia miantso an'ireo pentekotista Voafidy, mba hanao an'ilay vatotendro hiditra ao amin'izany. Tena karazana asam-panompoana iray ihany mihitsy no miditra eo amin'izany, miantso an'ireo Zanany avy amin'ireo anaram-piangonana rehetra sy ireo lafim-piainana rehetra.

184 Inona no Nataony? Nametraka mpampianatra marina niaraka tamin'izy ireo Izy, mpaminany marina izay mijanona amin'Ny Teniny, ny Baiboly. "Ny Ondriko mihaino Ny Feoko," hoy Jesosy. Raha izany No Feony tamin'izany, dia izany No Feony ankehitriny. Ny zavatra rehetra mifanohitra amin'io Feo io, dia tsy sakafon'ondry. Tsy hanaraka an'izany izy ireo. Oh, rahalahy. Avy any Atsinanana, avy any Andrefana, avy amin'ny anaram-piangonana tsirairay, avy amin'ny rafi-pandaminana tsirairay, tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo, miara-miangona! "Hifety miaraka amin'ilay Mpanjaka isika, mba hisakafo amin'ny maha-Nasainy, voatahy toy ny ahoana ireo mpivahiny ireo! Mibanjina ny Tavany masina mamiratra amin'ny fitiavan'Andriamanitra; mpandray anjara voatahy amin'ny Fahasoavany, mba hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny Satroboninahiny. Ho avy tsy ho ela Jesosy, hifarana ireo fizahan-toetrantsika." Haleloia! "Ahoana moa raha ho tonga ho an'ireo izay afaka amin'ny fahotana ny Tompontsika amin'ity

fotoana ity? Amin'izay fotoana izay dia hitondra fifaliana ho anao ve izany, sa alahelo sy famoizam-po lehibe? Fa rehefa tonga amin'ny voninahitra ny Tompontsika, dia hitsena Azy eny amin'ny habakabaka isika." Haleloia! Eny, tompoko.

185 Inona izany? Miaraka amin'ireo mpampianatra nirahin'Andriamanitra izay hijanona tsara amin'ny Teny, ho an'ilay tena Fiangonana, tsy manala tendron-tsoratra anankiray tsy mampaninona izay lazain'ny rafi-pandaminana iray. Tsy mifandray amin'izany izy ireo. Mpaminany; tsy mody-finoana, mody-antsoina, fa ny mpaminany tena izy iray dia manana ny HOY NY TOMPO HOE, ary eo amin'ny teboka mihitsy isan'andro. Izany no Nirahiny tao amin'Ny Fiangonany. Izany no Nolazainy fa Hataony. Mino ny Teny; tsy ny fanekempinoana, tsy ny dogma, fa ny Teny. Ary, amin'ny fanaovana an'izany, dia maneho ny Tenany ao anatin'izy ireo Izy amin'ny fanamarinana Ny Teniny, manao an'ilay Fiainana iray ihany izay Niainany fahiny, velona indray, manao Ny Teniny hiseho. Oh, oadray!

186 Henoy tsara. Korintiana Voalohany 4:20, dia manao hoe, "Ny Fanjakan'Andriamanitra dia Ny Teniny lasa hery." Raha tianareo ny handray naoty an'izany, Korintiana Voalohany 4:20. Ny Fanjakan'Andriamanitra dia Tenin'Andriamanitra lasa hery. Inona ny Fanjakan'Andriamanitra? Ao anatinareo. Ny Fanjakana dia ao anatinareo. Ary rehefa miditra ao ny Teny, dia inona no atombok'io Teny io? Mamadika ny Tenany ho hery Izy, manao an'Izany hilaza marina tokoa an'izay Nolazainy.

187 Tsy afaka milaza ianareo hoe "*Ity* no Lazainy," ary Ity no Lazainy, ary manao Azy hiasa. Tsy maintsy milaza an'ilay zavatra iray ihany izay Lazainy ianareo. Manao fiaikena iray izany. Tsy manao hoe, "Eny, efa nodiovina kely Izany eto, hanana fahendrena betsaka aho, ho ao amin'ny toerana tsaratsara kokoa aho eto."

188 Mijanòna amin'ny Teny. Izany ilay izy, hitanareo. Ary Izany no manao Azy ho hery. "Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Nilaza Jesosy, ao amin'ny Masindahy Jaona 14:12 hoe, "Raha mitoetra ao Amiko ianareo ary Ny Teniko ao aminareo." Tsia, mamelà ahy, tsy izany no Nolazainy eo. Hoy Izy hoe, "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa. Raha mitoetra ao Amiko ianareo ary Ny Teniko ao aminareo, dia afaka mangataka an'izay tianareo ianareo ary hatao ho anareo izany. Raha mitoetra ao Amiko ianareo ary Ny Teniko ao aminareo."

189 Inona izany? Tsy maintsy mifanaraka amin'ny Teny ianareo, manao ny tenanareo ho faty. Resy lahatra aho fa maro amintsika, ry sakaiza, no efa nandray ny Fanahy Masina, fa mandray ny Fanahy Masina betsaka fotsiny ao anatintsika isika mba hitondra antsika eo amin'ny toerana izay tsy itiavantsika handainga, tsy itiavantsika hangalatra, tsy itiavantsika hanao

na inona na inona. Fa Andriamanitra dia te-hameno ny ozatra tsirairay an'Ny Fiangonany, te-hameno ny fisainanareo Izy ary te-hameno ny sainareo Izy. Te-hameno ny kely tsirairay aminareo Izy, hanao anareo ho faty tanteraka, manontolo amin'ny tenanareo na amin'ny fisainanareo, tena nanolo-tena fotsiny amin'Andriamanitra hany ka Ny Teniny no velona fotsiny mihitsy amin'ny alàlanareo. Tsy mahafantatra na inona na inona hafa afa-tsy ny Tenin'Andriamanitra ianareo, mijanòna tsara amin'Ny Teniny fotsiny, Izany no Fiainana. "Ny Teniko dia Fiainana," hoy Jesosy. Napetrany niaraka tamin'izy ireo, ireo mpampianatra izay mino ny Baiboly, ireo mpaminany izay milaza ny Fahamarinana, izay milaza, maneho an'ilay faminaniana iray ihany izay nataon'izy ireo foana nandritra ny taona. Inona no Nataony? Maneho ny Tenany ho velona eo anivon'izy ireo Izy, manamarina Ny Teniny. Ny Teniny, ny Fanjakan'Andriamanitra dia Tenin'Andriamanitra lasa hery.

190 Raha mbola, miantehitra amin'ny fandanjalanjan'olombelona ireo anaram-piangonana ireo, eo amin'ny fandanjalanjan'olombelona. Henoy tsara ankehitriny. Izy ireo... Tsy tokony miantehitra amin'ny fandanjalanjan'olombelona isika. Ohabolana, ny toko faha-3, ny andininy faha-5, dia nanao hoe, "Aza miantehitra amin'ny fahalalanareo manokana." Hitanareo? Aza manao an'izany, tsy mampaninona na *toy* ny inona ny Tenin'Andriamanitra.

191 Hoy ianareo hoe, "Eny, toy ny hoe tsara fotsiny izany raha tahaka an'*izao*."

192 Tsy izany no maha-izy Azy. Tenin'Andriamanitra Izany, raiso arak'izay Nilazany Azy Izy. Nilaza i Eva... Hoy Satana tamin'i Eva hoe, "Fantatro fa Andriamanitra no nilaza an'Izany, saingy tena tsy midika an'izany marina tokoa Izy. Izao no dikan'Izany." Dia nino an'izany izy. Nino an'izany izy. Izany no nandrava an'ilay firaisana, izany no nandrava an'ilay fiombonana, izany no nandrava an'ilay firaisana, izany no nandrava an'izao tontolo izao, izany no nandrava ny fiainana, izany no nandrava ny zavatra rehetra!

193 Ary ny olona izay tsy mino Teny anankiray amin'ny Tenin'Andriamanitra, dia izany no mandrava an'ilay fiombonana manontolo sy ny rehetra. Marina! Na isika mino an'Izany na isika tsy mino an'Izany. Ndao hijanona amin'Izany! Andriamanitra no niteny an'izany, ka ndao isika hijanona amin'Izany. Betsaka ny zavatra tsy maintsy dinganiko eto, satria efa mihoatra ny fotoana izao.

194 Toy ny tamin'ireo andro lasa, tamin'ireo andro lasa rehefa nanao an'izany ny olona, dia izany no nitondra ny fitsaran'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao. Ny tilikambon'i Babela, ny firaisan'ireo zanak'i Kaina tamin'ireo zanak'i Seta, no nitondra fitsarana. Mitondra ny fitsaran'Andriamanitra ho

an'izao tontolo izao foana izany. Hitanareo? Oh, ny firaisana Aminy marina dia hitsangana ao amin'ny fitsarana, eo ambonin'izany, tahaka ny nataon'i Noa tamin'io fitsarana io niaraka tamin'ny fianakaviany. Nandeha tany ambonin'ireo fitsarana i Noa marina sy ny fianakaviany. Inona no nataon'izy ireo? Nandeha izy ireo!

195 Rahalahy Lee Vayle, raha mihazona an'ity ianao, dia ity ilay izy. Izany ilay fanontaniana tokana tsy ifanarahanay, izy dia mino fa handalo ny fitsarana ilay Fiangonana. Izaho tsy mahita an'izany. Izaho tsy mino an'izany.

196 Tsy nandalo fitsarana mihitsy i Noa, nandeha tany ambonin'ireo fitsarana izy. Tsy nanana afo mihitsy i Abrahama, tany ivelan'ilay afo izy. Tsy tao amin'ny fitsarana an'ny Isiraely i Isiraely, nosarahina tamin'ilay afo izy, tany ivelan'ireo fitsarana. Handeha any ambonin'ny fitsarana ilay Fiangonana, ao anatin'ny sambofiaran'ny Fanahy Masina, nakarina avy eto an-tany.

197 Ity zavatra mikasika an'ity Fiombonamben'ny Fiangonana ity dia tsy inona eto amin'izao tontolo izao afa-tsy ny—hetsika iray an'ny virijiny adala, mba ho tavela eto an-tany ho fiasana iray ho an'ny antikristy. Fa ilay tena Fiangonan'Andriamanitra dia hitsingevana tahaka ny nataon'i Noa antitra, ary handeha ho any amin'ny Voninahitra azo antoka mihitsy tahaka ny itsanganako eto. Izany no antony Anangonany azy ireo miaraka. Izany no tenenin'ilay Feo amin'izao andro izao. Izany no ataon'Andriamanitra, dia ny manangona anankiray avy any Los Angeles, ary anankiray avy any Philadelphia, ary anankiray avy any Georgia, sy ny sisa. Manangona azy ireo miaraka, ny Olony izay vonona ny hino ny Tenin'Andriamanitra velona. "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona, izay vitsy no voavonjy, tena vitsy fotsiny." Eny àry, hitsingevana eo ambonin'ny fitsaran'Andriamanitra mihitsy ny sambofiaran'ny Fanahy Masintsika, satria efa voatsara isika, araka ny iaikentsika an'i Jesosy, ary Izy no nandray ny fitsarana antsika.

198 Ireo anaram-piangonana ireo, na izany aza, dia tena mafy loha! Tahaka an'i Eva izy ireo, nila ny fahendreny izy tsy mampaninona izay Tenin'Andriamanitra. Nila ny tilikambony i Nimroda, tsy mampaninona, na Soratra na tsia! Mafy loha izy ireo! Nahafantatra tsaratsara kokoa i Eva. Nahafantatra tsara kokoa noho ny ho lavo tamin'ireo vehivavy tsara tarehy ireo i Seta. Nahafantatra tsara kokoa noho ny niditra tao amin'io fijangajangana io ny Isiraely. Toy izany koa ianareo! Fa ny sasany dia tena mafy loha, na Soratra na tsy Soratra! "Isaorana Andriamanitra, Presbyterana ny reniko! Izaho dia ho izany, ihany koa." Manohiza, manohiza no zavatra tokana azonareo atao arak'izany. Andriamanitra anie hamindrà fo amin'ny fanahinareo mpanota. Ahoana no handosiranareo an'izany, nefa

fantatrareo fa izany no fahamarinana? Ary raha mahita ny Tenin'Andriamanitra ianareo, nefa mbola tsy mihevitra foana fa Izany no Fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia misy zavatra tsy mety amin'ny fahaiza-mamantatrareo ara-panahy. Marina tokoa izany. Jereo manerana ny firenena ary jereo hoe aiza no mitranga ireo zavatra ireo. Eo amin'ny andro farany isika, ry sakaiza. Vao avy nandalo an'ireo Taom-Piangonana ve isika ka mahafantatra an'izay hitranga ao amin'ny Taom-Piangonan'i Laodikia? Tsy vao avy nandalo an'izany ve isika? Hitanareo ve izay tiako lazaina? Eo amin'ny andro farany isika.

199 Manangona an'ilay Voafidy avy amin'ny rivotra efatry ny tany Andriamanitra. Nilaza Izy fa handefa anjely Izy ary hanangona azy ireo. Marina ve izany? Manangona azy ireo miaraka, manasaraka azy ireo amin'ireo tsimparifary. Amena. Ireo tsimparifary no hodorana, fa tsy ny vary. Marina.

200 Saingy, tena mafy loha izy ireo, na hanana an'izany izy ireo na tsia, dia tsy manao fahasamihafana izany. Oh!

201 Fa Ireo nofidian'Andriamanitra dia nodidiana hivoaka avy eo anivon'izy ireo. "Misaraha ianareo," hoy Andriamanitra, "dia handray anareo Aho. Aza mikasika an'ireo zavany arak'izao tontolo izao, dia ho Rainareo Aho, na Andriamanitra, ary ianareo ho Zanakalahiko sy zanakavaviko. Aza manisy zioga ny tenanareo miaraka amin'ireo tsi-mpino, fa mivoaha avy ao amin'izany!" Mila fisarahana amin'izao tontolo izao Andriamanitra. Te-hikambana aminareo Izy, ny Tenany. Ary tsy hisy drafitry ny rafi-pandaminana nataon'olona, anaram-piangonana, na izay foto-kevitra nataon'olona hany haharitra. Mila an'Andriamanitra, ny Fanahy Masina, ao anatinareo izany, ny hampiray anareo amin'Andriamanitra. Ary ahoana no ahafantaranareo fa manana Azy ianareo? Ny Fanahy Masina izay nanoratra ny Teny no hanambara ny Teny tsirairay; ary ireo zavatra iray ihany izay nataon'ny Fanahy Masina tao amin'ny Testamenta Taloha, no Hataony ao amin'ny Testamenta Vaovao; hanao toy izany koa ankehitriny, satria Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ary tsy voaziogan'ireo rafi-pandaminana sy izao tontolo izao ianareo. Tsy voaziogan'izy ireo ianareo. Aza manisy zioga ny tenanareo eo anivon'izy ireo, fa mivoaha avy eo amin'izy ireo! Voazioga amin'i Kristy ianareo. Amena. Voazioga amin'i Jesosy Kristy Tompo.

202 Ny Baiboly dia milaza, fa amin'ny andro farany dia hisy fiangonana, mitovy amin'ny tilikambon'i Babela iray hafa. Hanana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra izy ireo, nefa mandà ny Tenin'Andriamanitra sy ny Hery, ny Herin'Ny Teniny. Ary inona ny Teny? Inona ny Fanjakan'Andriamanitra? Tsy maintsy ho an'ilay Fanjakana isika alohan'ny ahafahantsika ho vahoakan'ilay Mpanjaka. Firy no mahafantatra an'izany? Manaova "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny, ahoana no idiranareo

ao amin'ilay Fanjakana? Ny Fanjakan'Andriamanitra dia ny Tenin'Andriamanitra lasa hery. Amena. Lasa hery; manaisotra ny fahotana, manome famantarana. Karazana famantarana inona? Raha Izany no ilay Teny iray ihany izay namoaka an'i Mosesy, dia hitondra an'ilay famantarana iray ihany Izany.

203 Ilay zavatra iray ihany izay nanasaraka an'i Lota matimaty. Ankehitriny, fantatsika fa matimaty i Lota, ary Jesosy no nilaza fa izany no famantarana ny andro farany. Nipetraka tany i Lota matimaty, mpivavaka izy, azo antoka, izy sy ny vadiny. Ary nikambana tamin'ireo karazana antoko rehetra izy ireo, ary izy no ben'ny tanàna, ary, oh, nisy zavatra betsaka niseho. Tena mpivavaka izy. Afaka nampiantrano an'ireo evanjelista izy ary nandalo izy rehetra, nety tsara izy tahaka an'izany. Fa, oh, rahalahy, tsy io Voafidy io izy.

204 Jereo izay nitranga! Nahoana? Ilay Andriamanitra iray ihany izay nanasaraka sy nanatona an'i Abrahama ary naneho taminy ny fanamarinana ny fisarahany. . . Ahm! O Andriamanitra! Toy ny ahoana no aniriako mba ahafahako—aniriako mba ahafahako hanao zavatra fotsiny mba hamelàna anareo hahita an'Izany. Nasehon'Andriamanitra an'i Abrahama, satria efa nanasaraka ny tenany izy, dia Nasehony taminy ny fanamarinana an'izany, hoe nomba azy Izy ary teo afovoany mihitsy. Ary Jesosy nilaza fa ilay zavatra iray ihany no hiseho amin'ny andro farany. Tsy firenena iray i Abrahama, tao amin'ny havitsiana izy, fa nomba azy Andriamanitra. Izy no nanasaraka azy tamin'izany. Tokony hanasaraka ny tenantsika isika amin'izao andro farany izao.

205 Ary raha nanome famantarana ho an'i Mosesy Andriamanitra, ho an'ny Isiraely, mpaminany voahosotra, Andry Afo iray, nanome famantarana ho an'i Abrahama. Izy—nanome famantarana iray ho an'ny Isiraely Izy. Nanome famantarana iray ho an'ireo mpianatra Izy. Famantarana iray ihany, isan'andro! Famantarana iray ihany, Andry Afo!

206 Paoly, rehefa teny amin'ny làlany hankany Damaskosy izy, dia nisy Andry Afo iray namirapiratra teo anoloany, izay nanimba ny masony mihitsy aza, namely azy mba handohalika. Tsy nisy olon-kafa nahita an'Izany. Nitsangana nanodidina ny olona rehetra, fa tsy nahita an'Izany izy ireo. Ary hoy ny Feo iray hoe, "Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?"

207 Hoy izy hoe, "Tompo, Iza moa Ianao?"

208 Hoy Izy hoe, "Izaho no Jesosy." Famantarana iray! Ary inona izy? Ilay apostoly ho an'ny Jentilisa. Amena.

209 Indro isika eo amin'ny andro farany, tonga avy any Atsinanana sy Andrefana, Avaratra sy Atsimo. Inona no ataontsika? Miomana ho an'io Fampakarana io. Miomana ho an'ny. . . Mihazona ny tenantsika ho mafy orina mandritra ny minitra vitsivitsy mandra-pahatongan'ny ozatra tsirairay ho feno ny Fanahy Masina. Avy eo dia hiakatra Izy. Oh, oadray!

Miantso ny Olony miaraka ho any amin'ny Tenany, ao amin'ny firaisana marina amin'ny Tenany, satria izany No Fanahiny Masina tokana. "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra isam-batan'olona ho Vatana iray, ilay Vatan'i Jesosy Kristy mivondrona." Ary Jesosy Kristy velona miaraka amin'Ny Fanahiny ao amin'ny nofontsika, dia mampiasa an'ilay Fiangonana sy manao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony, ho ny—ho famantarana iray, ho faneva iray ho an'izao tontolo izao, hoe ao amin'ny andro farany isika, miomana ho an'ny Fampakarana. Oh, tiako Izy, ary ianareo?

210 Mbola manana boky iray aho eto, saingy tsy afaka mandeha eo amin'izany intsony fotsiny aho, efa tara loatra isika. Mety haka an'izany amin'ny fotoana hafa.

211 Eo amin'ny farany isika. Firaisana. Tena iray amin'Andriamanitra ve ianareo? Tahaka an'izany no tsy maintsy haha-izy anareo. Hia. Tsy maintsy ho iray Aminy isika mandra-paha . . . Aoka ny saina izay tao amin'i Kristy no ho ao aminareo. Amin'izay fotoana izay Kristy, ny Sainy Manokana ao aminareo dia hahafantatra ny Teny tsirairay izay Nosoratany. Nataony tao amin'ireo apostoly izany, nizarazara am-pahamarinana ny Soratra, izay ny Fahamarinana, hitanareo, ny Fanahy Masina. Raha Izany no Fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia Izy no hanambara an'Izany amin'ny fitondrana an'ilay famantarana iray ihany izay Nomeny an'i Mosesy, ilay famantarana iray ihany izay Nomeny an'i Abrahama, ilay famantarana iray ihany izay Nataony tamin'ny alàlan'i Kristy, ilay famantarana iray ihany izay Nataony tamin'ny alàlan'i Paoly. Ao amin'ny andro farany isika. Nilaza Izy fa hisy izany. Ao amin'ny andro farany isika. Ilay Fiangonana, mivondrona, dia eo am-pitambarana ao anatin'ny firaisana iray, anankiray eto ary anankiray etsy, mitambatra.

212 Hoy Izy hoe, "Hisy roa eny an-tsaha, Halaiko ny anankiray." Anankiray. Jereo, "Roa eny an-tsaha," amin'ny antoandro izany, fijinjana, "Halaiko ny anankiray ary havelako ny anankiray. Misy roa eo am-pandriana," ilay ilany hafa an'izao tontolo izao, "Halaiko ny anankiray ary havelako ny anankiray," amin'ny fihavian'ny Zanak'olona. Ary tena akaiky izany, tena antomotra izany.

213 Aza! Aza, Adama! Adama! Eva, Adama, mamelà ahy hiantso mafy anareo, aza mihaino ny laingan'ny devoly intsony. Mijanòna amin'ny Tenin'Andriamanitra, Izany no HOY NY TOMPO HOE. Mijanòna amin'Ny Teniny. Ny misaraka amin'Izany dia mandrava ny fiombonanareo amin'Andriamanitra, ny firaisan'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Noho izany raha milaza ianareo fa manana ny Fanahy Masina nefa tsy mifanaraka amin'ny Teny izany, amin'izay fotoana izay dia tsy ao amin'ny firaisana amin'Andriamanitra ianareo.

214 Ity no firaisan'Andriamanitra, rehefa ianareo . . . ny—ny fanahy izay anananareo dia mifanaraka amin'ity Teny ity, sy maneho an'ity Teny ity ary manao an'ity Teny ity ho hery mba hihetsika amin'ilay fanao iray ihany izay Nataony tany.

215 Ndao isika hilaza an'izany miaraka hoe: "Ny firaisana amin'Andriamanitra dia ny manana ny Fanahin'Andriamanitra ao anatinareo mifanaraka amin'ny Teny, ny Teny rehetra, ny Teny manontolo, ary ny hanao Azy ho voaseho amin'ny hery."

216 Eo ianareo izao, izany no firaisana amin'Andriamanitra. Rehefa miasa ato anatiko io hery io, miasa ao anatinareo, dia iray isika. Amena! Rahalahy Kidd, rehefa miasa ao anatinao ny herin'ny Fanahy Masina ato anatiko, dia tsy misy tsi-fifanarahana, ny Teny no ao. Miasa Izy. Amena. Izany no manao Azy ho izay maha-izy Azy, Andriamanitra tonga nofo ao anatinareo amin'ny alàlan'Ny Teniny. Ny Teny dia lasa hery eo anivonareo, ny Teny tsirairay!

217 Ankehitriny, tsarovy, ny devoly dia maka betsaka amin'ity Teny ity, saiky eo amin'ny sivy amby sivifolo sy sivy amby sivifolo isan-jaton'Izany. Sivy amby sivifolo ampahazatony ary sivy amby sivifolo isan-jaton'io ampahazatony, dia hataony tsara marina tokoa Izany, fa avy eo izy dia hitsambikina *eto,* ary izany ilay anankiray izay miteraka fahafatesana eo no ho eo. Izany no manapaka an'ilay rojo eo afovoany mihitsy, lavo ianareo.

218 Ny Teny rehetra! Inona no nolazain'i Jesosy? "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra!" Tsy vitsy amin'ny Tenin'Andriamanitra no hivelomany, tsy sivy amby sivifolo sy sivy amby sivifolo isan-jaton'ny Tenin'Andriamanitra. Fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra, hivelona amin'Izany ny olona.

219 Nentin'i Satana tany ambony tany Izy ka nanao hoe, "Voasoratra hoe!" Hitanareo, tahaka ny nolazainy tamin'i Eva mihitsy hoe, "Voasoratra hoe! Voasoratra hoe!"

Hoy Jesosy hoe, "Fa voasoratra hoe koa . . . "

220 Hoy izy hoe, "Voasoratra hoe, 'Izy handidy ny Anjely hikarakara Anao.' Ny Baiboly no niteny an'izany!" Ry tovolahy, manam-pahaizana izy. "Voasoratra hoe, 'Izy no handidy Ny Anjeliny hikarakara ny momba Anao fandrao Ianao hanafintohina ny Tongotrao amin'ny vato, ary hitondra Anao.'"

221 Hoy Izy hoe, "Voasoratra hoe koa, 'Aza maka fanahy an'ny Tompo Andriamanitrao.'"

222 Hoy izy ireo hoe, "Manana ny Soratra izahay," Asa 19, "nataon'i Jaona batisa izahay."

223 Nanana zavatra hafa i Paoly, hoy izy hoe, "Tsy mety intsony izany." Hitanareo? "Jaona dia nanao batisa fotsiny . . . " Tsy hoe tsy nino ny tenin'i Jaona izy. Hoy izy hoe, "Hoteneniko aminareo izay nolazain'i Jaona. Nilaza i Jaona fa nanao batisa ho

amin'ny fibebahana izy, fa tsy ho an'ny famelàna ny fahotana." Tsy mbola novonoina ilay Fanatitra, hitanareo. Hoy izy hoe, "Nanao batisa ho amin'ny fibebahana izy, nilaza fa tokony hino an'Ilay ho avy ianareo." Ary rehefa nandre an'izany izy ireo, dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. Nametraka ny tànany teo amin'izy ireo i Paoly tena feno ny Teny, dia nilatsaka teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina. Nanomboka naminany izy ireo, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, nankalaza an'Andriamanitra, ary fotoana iray toy ny inona! Oh, oadray. Goavana toy ny ahoana ny fiangonana? Roa ambin'ny folo. Eny. Oh, tsy mifampiraharaha amin'ny isa goavana Andriamanitra, mifampiraharaha amin'ny fo mahitsy Izy. Ndao isika hanana an'izany karazana fo izany. Tianareo ve Izy? Ndao isika hivavaka.

224 Oh, ry mpirenireny malalako, efa nijery an'ireo zanakavavin'i Moaba ve ianareo na efa nahita an'ireo zanakavavy (miresaka ny amin'ireo fiangonana aho) an'i Kaina? Niala lavitra an'ny Teny toy ny ahoana izy ireo! Ianareo ve, ry sakaizako sarobidy, efa voamarikareo ve amin'ny andro farany fa tsy maintsy hiseho ireo zavatra ireo? Efa voamarikareo ve vao haingana ny amin'ny hoe ahoana fa tonga voaseho ny Tenin'Andriamanitra? Ahoana fa nitsahatra ilay fifohazana izay nanomboka fahiny, tsy misy betsaka tavela? Inona izany? Fitoniana alohan'ny tafio-drivotra izany. Vonona ireo fitsarana. Efa nampahafantarina an'ireo zavatra ireo ve ianareo? Efa nampitaha ny Soratra amin'ny Soratra ve ianareo, Tenin'ny Baiboly amin'ny Tenin'ny Baiboly, porofo amin'ny porofo? Efa nampitahainareo ve ny Tenin'i Jesosy izay Nilazany fa ny devoly amin'ny andro farany . . . tena hifanakaiky izany, tahaka an'ilay tena zavatra, hany ka raha azo natao dia hamitaka ny olona rehetra izy afa-tsy ny Voafidy, Ilay Voafidy. Eritrereto fotsiny, tena hifanakaiky io fampianarana ara-tSoratra io! "Oh, mino ny Fanahy Masina izahay, isaorana mandrakizay Andriamanitra! Manana ny Fanahy Masina izahay, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izahay." Nefa avy eo ve dia mitodika ka mandà ny Teny? Hia. Hitanareo, hamitaka an'ilay tena Voafidy raha azo atao.

225 Raha misy olona ato izay tsy mahitsy amin'Andriamanitra, raha misy olona eto izay marary na ory . . . Misy mosara sy ny sisa mipetraka eto, hivavaka ho an'izy ireo aho. Tsy ahoako izay ilainareo. Anareo ny teny fikasana tsirairay ato anatin'ny Boky. Anareo izany.

226 Ankehitriny, nitondra ny Teny ho anareo aho, nitondra an'Izany nanomboka tamin'ny Genesisy mihitsy ka hatramin'ity andro izay iainantsika ity, nikasika an'ireo toerana mihitsy ka naneho taminareo. Toerana an-jatony maro no azoko nokasihana ankoatran'izany, tsy manam-potoana aho. Saingy azo antoka, fa ao anatin'izany, dia afaka mahita ianareo fa any ivelany io

karazan-javatry ny rafi-pandaminana io. Hevi-dison'ny devoly izany, miezaka mandamina ny olona amin'ny firaisan'ny sain'izy ireo manokana sy ny eritreriny. Nefa, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina no ikambanantsika amin'Andriamanitra ho iray. Ary ny Fanahy Masina dia mifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra. Hitanareo, ny Baiboly no nilaza, Jesosy no nilaza fa hiaiky an'izany mihitsy aza izy ireo, hitanareo, "Mamitaka an'ilay tena voafidy raha azo atao." Hitanareo ve hoe aiza no itsanganantsika?

227 Ankehitriny dia raiso amin'io tànan'ny finoana io ity Tenin'Andriamanitra ity. Inona no ilainareo izao maraina izao? Mila ny batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ve ianareo? Misokatra ny dobo. Mila ny batisan'ny Fanahy Masina ve ianareo? Miezaka mitady ny Làlany ao aminareo Izy. Mila fanasitranana ve ianareo? Nahoana, ilay tena Fanahy Masina Izy tenany mihitsy, ny Teny izay lasa hery, no eto izao ankehitriny izao, ilay tena herin'ny fahaiza-mamantatra mihitsy no mijery an'ity mpanatrika eto ity ankehitriny ary mahita an'io Hazavana io mihodinkodina tahaka ny manjelatra iray. Efa mba niteny zavatra diso taminareo ve aho? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.]

228 Izaho ve efa mba, tahaka—tahaka ny nolazain'ilay mpaminany tamin'ny Isiraely, talohan'ny nahazoan'izy ireo mpanjaka iray nataon'olona ho azy ireo, hoy izy hoe, "Efa mba niteny zavatra taminareo ve aho. . .? Efa mba naka ny volanareo ve aho? Efa mba tonga ve aho ka nangataka vola taminareo ary—ary nandeha nanodidina ka mipetraka tao amin'ireo lapa goavana be ary nanorina zavatra goavana be ka naka ny volanareo? Efa mba nangataka iraimbilanja taminareo ve aho?"

"Tsia mihitsy."

229 Efa mba niteny zavatra taminareo tamin'ny Anaran'ny Tompo ve aho ka tsy notanterahin'Andriamanitra ilay izy? Efa mba niteny tamin'Ny Anarany ve aho ka tsy tanteraka izany? Efa mba niteny taminareo fahitana iray teo amin'ny mpanatrika ve aho ka tsy nitsangana marina tokoa ilay olona, vahiny na mety ho inona izy, ka tsy nilaza izy hoe "Izany no fahamarinana"? Efa mba niteny zavatra diso taminareo ve aho? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Noho izany dia mamelà ahy hiteny aminareo ankehitriny, HOY NY TOMPO HOE, raiso ny Fanahy Masina, ny Fanahy izay handray ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ireo tànan'ny finoana ireo, hihetsika eo. Anareo ny Fanjakana manontolo. Anareo izany, rankizy.

230 Nahoana ianareo no tonga avy any Georgia, manerana ny firenena, avy any Ohio, avy any Kansas, hatraiza hatraiza, ho an'ny fivoriana kely iray? Heveriko fa mijanona ny horonam-peo ankehitriny, noho izany, dia afaka milaza an'ity aho. Hitanareo?

Nahoana ianareo no tonga tahaka an'izao? Inona no manao anareo hanao an'izany? Inona izany? Mahita olona avy any Arkansas aho eto, avy any amin'ny an-jatony maily lavitra.

231 Omaly hariva, tonga avy tany Kansas City mihitsy, rahalahy Polonais kely nitsangana tery aoriana tery, tonga, nitarika, nanao hoe, "Rahalahy Branham, hatramin'ny nandrenesako voalohany anao tany Canada taona maro lasa izay, ireo zavatra efa hitanao sy nataonao, dia nohamariniko hatrany tsara mihitsy izy ireo, aloha sy aoriana mihitsy, ambony sy ambany," ary hoy izy, "tsy nisy hany diso na dia iray amin'izy ireo aza." Polonais Katolika iray angamba izy, ary indro tonga izy, maka an'ireo horonam-peo, mandeha sy mandefa azy ireo, mihaona amin'ny fanoherana. Ireo mpitoriteny izay tokony hiaraka amiko sy hanampy anay, nefa mandà ny Heriny, mandà ny Fahamarinan'ny Teny, ary mihambo fa manana ny Fanahy Masina.

232 Tsy niantso ny tenako ho mpaminany iray aho. Ianareo no nanao an'izany. Fa, raha izany no izy, amin'izay fotoana izay dia avy aiza ny Tenin'ny Tompo? Ahoana no ahafantarantsika raha marina izany na tsia raha tsy misy zavatra hanohana an'izany? Ity ny Tenin'Andriamanitra eto, ny Teny voasoratra. Ary noho izany raha voatohana ny Teny voasoratra, amin'izay fotoana izay dia Andriamanitra ao amin'ity Teny ity no manao an'ity Teny ity ho marina. Hoy i Paoly hoe, "Manaraha ahy, tahaka ny anarahako an'i Kristy."

233 Ankehitriny, raha mila an'Andriamanitra ianareo ho an'ny aretina, ho an'ny famonjena, izay. . . na ho afaka . . . Ny sasany aminareo vehivavy izay tsy manana fahasoavana ampy hamela ny volonareo haniry, ny sasany aminareo lehilahy izay tsy manana fahasoavana ampy hialàna amin'ny fifohana sigara, ny sasany aminareo mpitory teny izay tsy manana fahasoavana ampy hanaiky ny fahamarinan'ny batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ny sasany aminareo olona marary izay marary sy marary ho faty, nahoana ianareo no tsy mandray an'ity Teny ity izao maraina izao. Hoteneniko aminareo ankehitriny, tonga nofo eto anivontsika Izany! Raiso eny an-tànanareo ity Teny ity.

234 Indro mihantona eo amin'ny rindrina ny sary iray, an'ny Anjelin'ny Tompo, ilay Anankiray ihany izay nitarika ny zanak'Isiraely, ilay Anankiray ihany izay nifanena tamin'i Paoly, ilay Anankiray ihany izay tao amin'i Kristy. Ary ilay Fanahy Masina iray ihany no ao anatinareo, ao anatinareo, mampiray anareo ho iray. Inona no manao ny fontsika hiara-voasintona avy any amin'ny an-jatony maily? Tsy misy na inona na inona tahaka an'izany ato amin'ny firenena. Tonga eo amin'ny Teny izy ireo.

235 "Misy loharano feno Rà, nosintonina avy amin'ny làlan-dràn'i Imanoela, ka ireo tsi-mpino dia mitsoboka ao

ambanin'ilay riaka, ka very ny pentimpentin'ny fahamelohany rehetra. Hatramin'ny nahitako an'io onin'ny Ratranao mikoriana io tamin'ny finoana, dia fitiavana manavotra no foto-kevitro, ary ho izany mandra-pahafatiko."

236 Ry Rainay any An-danitra, mipetraka eto ny andiana mosara, fonon-tànana, mety halefa amin'ny paositra izy ireo. Tsy fantatro hoe iza no nametraka azy ireo teto, angamba Billy, angamba ireo olona ato amin'ny mpanatrika. Mahatsapa hanao an'izao fotsiny aho ankehitriny, Tompo. Tsy misy na inona na inona eo an-tànako, tsy misy na inona na inona ato amiko satria olombelona iray. Tsy afaka hiantehitra amin'ny fahalalan'olombeloko manokana aho. Tsy azoko hoe nahoana no tahaka an'izany ity, fa manaraka an'izay Nolazainao aho. "Nalain'izy ireo avy tamin'ny vatan'i Paoly, ireo mosara sy aron'akanjo, dia nivoaka tamin'ny olona ireo fanahy maloto." Izany dia tsy hoe satria lehilahy malaza iray izy, izany dia satria Andriamanitra no niaraka taminy tao amin'ny Teny sy ny hery. Ary tsy nanontany an'ireo apostoly mihitsy izy, saingy nahita rehefa niara-nivory izy ireo fa ilay Filazantsara iray ihany, ny endrika iray ihany an'ny batisa, ny zavatra rehetra iray ihany izay nataon'izy ireo, no ilay iray ihany hita maso.

237 Ankehitriny dia mangataka aho, Tompo, ho an'ireto olona sarobidy izay mino Anao ireto, mba Hanasitrananao azy ireo. Ireo ato amin'ny mpanatrika, sitrano izy ireo, Tompo. Enga anie ny finoan'izy ireo hiakatra ka hihazona an'ity Teny ity izao ankehitriny izao, ary hanao hoe, "Ry fivontosana, ry aretina, ry ratsy, tsara aminareo ny miala, mandidy amin'ny Sabatr'Andriamanitra aho! Mino aho! Matanjaka ny finoako. Atsofoko lalina ny Sabatra. Mialà amin'ny làlako! Mitsangana miala amin'ny sezako aho, mba ho salama." "Mametraka ny tànako eo amin'ny raiko aho, amin'ny anabaviko, amin'ny zanako, amin'ny mpiara-monina amiko. Mino aho. Ny Teninao no Fahamarinana. Ao amin'ny firaisana Aminao aho. Ireo asa izay Nolazainao fa Nataonao, no hataonay koa. Tompo Andriamanitra, mino ny Teny rehetra aho. Ary mandroso aho, miroso mba hitaky an'izany, haka an'izany izao maraina izao."

238 O Andriamanitra, ahoana fa afaka mieritreritra aho rehefa nandroso ny fiangonana, rehefa natahotra kely i Mosesy teo amin'ny ranomasina, nanomboka nitaraina tamin'ny Tompo izy. Ary hoy ny Tompo hoe, "Nahoana ianao no mitaraina Amiko? Ho an'ny inona no itarainanao Amiko? Mitenena dia mandrosoa! Tsy efa naniraka anao ho an'ilay asa ve Aho? Mitenena!" Miteny inona? Ny Tenin'Andriamanitra. "Ao anatinao Izany. Mitenena dia mandrosoa. Aza mitaraina Amiko. Mandrosoa."

239 Ary, Tompo Andriamanitra, tonga amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy aho androany. Tonga aho mampiasa an'ity Sabatry ny finoana ity, milaza ny firaisan'Andriamanitra sy ny olona amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ireo

famindrampo sy ny fanatitra an'i Jesosy Kristy Ny Zanany. Mihaika ny devoly rehetra izay mamatotra ny olona amin'ny fomba rehetra ato amin'ity tranobe ity aho, na zazalahy izy na zazavavy, lehilahy na vehivavy. Mihaika ny aretina rehetra aho. Mihaika ny fisalasalana rehetra aho. Mihaika ny tahotra rehetra aho. Mihaika ny zavatra rehetra izay tsy masina aho, mialà amin'ity mpanatrika ity amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy! Mivoaha amin'ity mpanatrika ity, mba ahafahanay ho iray amin'Andriamanitra sy ahafahanay manompo an'Andriamanitra tsy misy aretina na tahotra. Enga anie ny hery nanao anay ho iray amin'Andriamanitra. . . Ahoana no ahafahan'io devoly io hikiakiaka manodidina ny voahosotra? Ahoana no ahafahan'io devoly io hitsangana eo ka hikiakiaka tahaka ny Goliata iray? Rehefa tonga tao amin'ny toby i Davida, ka nanao hoe, "Ny tianareo lazaina ve dia hoe hamela an'io Filistina tsy mifora io hitsangana eo ka hihaika ny tafik'Andriamanitra velona?"

240 O Andriamanitra, ataovy mitsangana amin'ny herin'ny Fanahy ireo lehilahy sy vehivavy. Hamela an'io tsy niova fo io ve, io devoly kivy izay nanimba ny taranak'olombelona nanerana ny taona io, hitsangana eto ka hihaika ny fiangonan'Andriamanitra velona? Satana, mivoaha, ary mialà, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy!

241 Ankehitriny, ianareo izay manana hery ampy hampiasana Sabatra iray, ankehitriny hoe manana fahalalana ampy ianareo ao amin'ny Tenin'Andriamanitra mba hitakiana an'Izany ho fanananareo manokana, izay afaka handray ny Tenin'Andriamanitra eo an-tànanareo ankehitriny, hazòny amin'ny tànan'ny finoana Izany, ka manaova hoe, "Maka ny andaniko miaraka amin'ny Tompo aho. Ho ao amin'ny firaisana amin'Andriamanitro aho, manomboka izao. Hampiasa an'ity Sabatry ny Fanahy ity aho ao amin'ity Teny ity, ary handidy ny devoly aho hatrany amin'ny teny fikasana rehetra izay nampanantenain'Andriamanitra ahy."

242 Raha mino an'izany amin'ny fonareo rehetra ianareo, dia mangataka anareo am-pahatsoram-po amin'ny foko rehetra aho arak'izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mitsangàna ary ekeo izany. Hentitra amin'izany ve ianareo? Tso-po ve ianareo? Eo an-tànanareo ve ny Teny? Ny tànanareo ve no finoanareo? Atsangano amin'Andriamanitra ny tànanareo ara-batana, manaova hoe, "Andriamanitra, amin'ny alàlan'izao, amin'ny alàlan'ny tànako mitsangana no anolorako ny fiainako rehetra. Atolotro ny fanahiko, atolotro ny eritreritro, atolotro ho an'ny Tenin'Andriamanitra ny zavatra rehetra. Aoka ny Fanahy Masina handray ny finoako ankehitriny ka hanome ahy an'ilay zavatra. Rantsano hiala amiko ny fisalasalana rehetra. Ary, amin'ny finoana, no andraisako ny teny fikasana izay angatahako, amin'ity fotoana ity."

243 Raha mino an'izany ianareo, dia manaova hoe, "Amena,"

ankehitriny. [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Manaova hoe, “Amena,” indray. [“Amena.”] Amena, amena, amena! Avy eo, raha hentitra amin’izany amin’ny fonareo rehetra ianareo, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, dia mampanantena anareo an’izay nangatahanareo aho. Amena. Minoa an’izany amin’ny fonareo rehetra. Andriamanitra hitahy anareo.

Rahalahy Neville.

62-0211 Firaisana
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org